

Herinandro Fiaraha-mivavaka

**FAHATOKIANA AMIN'NY FOMBA
FIAINANA KRISTIANA**

Novambra 2020

Fampidirana

Fahatokiana amin'ny Fomba Fiainana Kristiana

Nosoratan'i Ted N. C. Wilson

Talohan'ny niakarany tany an-danitra dia nanome iraka lehibe ho an'ireo mpanara-dia azy i Jesosy Kristy — dia ny hanatratra an'izao tontolo izao ho Azy (jereo ny Matio 28 :18-20).

Ny lohahevitra hodinihantsika amin'ity herinandro ity dia “ Manatratra an'Izao Tontolo Izao : Fahatokiana amin'ny Fomba Fiainana Kristiana.” Inona no ifandraisan'ny fomba fiainana Kristianina amin'ny fanatrarana an'izao tontolo izao ho an'i Kristy ? Misy ifandraisany betsaka tokoa. Satria ny maha-Kristiana antsika dia miseho amin'ny alalan'ny fomba fiainantsika. Inona avy ireo soatoavina sy laharam-pahamehantsika ? Ahoana no fomba handaniansika ny fotoanantsika sy ny fananantsika ? Karazana fiainana manao ahoana no iainantsika ?

“Inona no atao hoe Kristiana? Ny fanahafana an'i Kristy izany,” izany no voalazan'i Ellen White. ¹ Izy no ohatra ho antsika, ary amin'ny alàlan'ny Fahasoavany sy ny Heriny irery ihany no ahafahantsika mijoro mahatoky amin'ny Fiantsoany rehefa miantehitra tanteraka amin'i Kristy sy ny Teniny isika.

Mandritra ity herinandro ity dia handinika lohahevitra vitsivitsy izay tena manan-danja isika, manomboka amin'ny Baiboly amin'ny maha-fototry ny fomba fiainana Kristiana azy. Hojerentsika ny fomba hampianaran'ireo soatoavin'ny fanjakan'ny lanitra ny tokony ho fiainan'ny Kristiana, ary koa ny fomba hitarihan'ny toetra tsara Kristiana ny fiainantsika. Ny fahasalamana dia lafiny lehibe iray amin'ny fomba fiainana Kristiana. Rehefa mandray sy mijery an'i Kristy ho modelintsika tokoa isika, dia tena hahazo hery sy aingam-panahy tokoa. Hojerentsika ihany koa ny mahakasika ny fomba fiainana Kristiana sy ny haino aman-jery ary ny firaisana ara-nofy sy ny fiainana Kristiana. Ary hofaranantsika ity herinandro manokana ity miaraka amin'ny “Miaina amin'ny Andro Farany : Ny Fomba fiainana Kristiana sy ireo Zava-miseho amin'ny Andro Farany ” izay nataon'i Ellen White.

Manantena aho fa hiaraka amiko hatrany ianareo amin'ny fikarohana ny fifandraisan'ny fomba fiainana Kristiana sy ny fanatrarana an'izao tontolo izao ho an'i Kristy. Andeha isika hivavaka am-panetren-tena mba hirotsahan'ny ranon'orana farany avy amin'ny Fanahy Masina ary mba handraisantsika ny hery izay Izy irery ihany no afaka manome izany ho antsika mba hanampiana antsika hiaina ny fiainantsika ho Azy.

Ted N. C. Wilson dia Filoha maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

(Tahirin-kevitra)

1 Ellen G. White, *Manuscript Releases* (Silver Spring, Md.: Ellen G. White Estate, 1990), boky. 9, p. 230 (Dikan-teny malalaka), egwwritings.org/?ref=en_9MR.230.1¶=59.1290.

Sabata Voalohany

“Fanilon’ny Tongotro ny Teninao ”

Ny Baiboly amin’ny maha-fototry ny fomba fiainana Kristiana azy

Nosoratan’i Ted N. C. Wilson

Fotoana tena lehibe tamin’ny fiainako tokoa izany. Taorian’ny nahazoako ny diplaomako tao amin’ny *Takoma Academy* tany Maryland, Etazonia, dia nanapa-kevitra aho ny hanohy ny fianarako tao amin’ny *La Sierra College* (izay efa Oniversite ankehitriny) tany California, izay maherin’ny 4,100 kilometatra niala avy teo. Rehefa niditra tao amin’io dingana vaovao sy manan-danja tamin’ny fiainako io aho, dia nandefasan’ny raiko karatra iray niaraka tamin’ny taratasy aho, izay nisy an’izao teny nindramina izao, voasoratra tamin’ny sora-tanany mihintsy:

“Manokàna ny tenanao ho an’ Andriamanitra amin’ ny maraina izany no ataovy voalohandrahahanao indrindra. Aoka ny fivavahanao ho toy izao: “Raiso aho, Tompo ô, ho anao manontolo. Ny fikasàko rehetra apetrako eo an-tongotrao. Ampiasao amin’ ny fanompoana anao aho anio. Tomoera amiko. ary aoka ny asako rehetra hatao ao aminao.” Zavatra tokony hatao isan’ andro izany. Isa-maraina dia manokàna ny tenanao ho an’ Andriamanitra mandritra io andro io. Atolory Azy ny fikasànao rehetra, mba hotanterahina, na hajanona araka ny fandaharana ataony ho mety. Mametraka ny fiainanao isan’ andro isan’ andro ho eo am pelatànan’ Andriamanitra hianao, raha manao izany ary amin’ izay, dia ho voamboatra lalandava ho tonga tahaka ny fiainan’ i Kristy ny fiainanao.”¹ Tsy vitan’ny hoe nankasitrahako ny fotoana sy ny fikarakarana nasehon-draiko tamin’ny fizarana izany tamiko, fa zava-dehibe tamiko ihany koa ny fandraisana izany torolàlana ara-panahy mahery vaika izany avy amin’ny Fanahin’ny Faminiana. Nanomboka tamin’io fotoana io no nankamamiako fatratra ny asa soratr’i Ellen White.

Notehiriziko tao anaty Baiboliko io teny nindramina voasoratra tamin'ny tanana io nandritra ny taona maro, mandra-pahavery an'io Baiboly sarobidy io. Nangataka tamin'ny raiko aho mba hamerina hanoratra an'io teny nindramina io taona vitsivitsy lasa izay, ary mbola tehiriziko ao ao anatin'ny Baiboliko io dikan-teny faharoa io amin'izao fotoana izao. Teny sarobidy tokoa izy io sady fampahatsiahivana ny amin'ny fiahiana ara-panahy izay ananan'ny raiko ho ahy. Aza heverina ho tsy misy dikany mihintsy ny fifantohana ara-panahy sy ny fotoana izay laninao ho an'ireo zanakao. Hisy vokany ara-panahy lehibe izany amin'ny alalan'ny hery miasa mangina sy ny herin'ny Fanahy Masina.

Ny Herin'ny Tenin'Andriamanitra

Rehefa manokan-tena ho an'Andriamanitra isika ary mametraka eo am-pela-tanany ny drafitra ataontsika isan'andro, dia zava-dehibe indrindra ny maka fotoana handrenesana izay zavatra Ambarany amin'ny alalan'ny Baiboly. “Fanilon'ny tongotro Sy fanazavana ny lalako ny teninao.” (Salamo 119: 105).

Amin'izao fotoana iainantsika izao dia maro ireo filôzôfia'ny olona izay miezaka misintona ny saintsika, kanefa amin'ny farany dia mitarika antsika eny amin'ny lalana tena maizina tokoa. Saingy efa voaporofy ny fahatokian'ny Tenin'Andriamanitra. Manazava ny lalantsika izy ary manome antsika fitarihana masina sy azo itokisana. Omeny antsika ny fototry ny fampivelarana sy fampiroboroboana fifandraisana miaraka amin'i Jesosy Kristy, ary koa ny fianarana ny dikan'ny hoe miaina ny fiainana izay Tiany mba hananantsika. Io no Tenin'i Kristy velona — fahamarinana mandrakizay izay mihoatra lavitra ny kolontsain'olombelona rehetra ary manondro antsika mankany amin'ny kolontsainan'ny lanitra. Rehefa nifanatrika tamin'i Satana i Jesosy dia nanambara tamim-pahasahiana hoe, “Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra ” (Matio 4 : 4). Milaza amintsika izany fa manan-danja avokoa ny ampahany rehetra amin'ny Soratra Masina. Ary na dia tsy milaza aza isika fa Andriamanitra mihintsy no nanonona ireo teny rehetra ao amin'ny Baiboly, dia manaiky kosa isika fa teo ambany fitarihan'ny Fanahiny no nanoratana azy tamin'ny fahafenoany. Nambaran'i Petera mazava tsara hoe : “Ary manana ny teny faminiana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany ianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany. . . ; fa fantatrareo voalohany indrindra fa

ny famoahan-kevitra ny faminiana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany ; fa tsy nisy faminiana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy ” (2 Petera 1 : 19-21).

Fahamarinana Fototra

Rehefa nivavaka ho an'ireo Mpianany (sy ho antsika) i Kristy, dia nanambara ny herin'ny Teny Izy rehefa nilaza hoe, “Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana ” (Jaona 17 : 17).

Ao amin'izao tontolo izao izay milaza fa tsy misy ny fahamarinana tokana, fa miankina amin'ny fanandramana niainan'ny tsiraray, i Kristy kosa dia manambara amim-pahasahiana fa ny Teniny—ny Baiboly—dia fahamarinana mafy sy tsy miova. Amin'ny alàlan'ny herin'ny Fanahiny Masina no iasan'ny Fahamarinany ao am-pontsika ka manova sy manamasina antsika.

Izany no mahatonga ny Baiboly ho fototry fomba fiainana Kristiana. Izy no mamaritra ho antsika ny dikan'izany hoe mpanara-dia an'i Kristy izany (jereo ny Matio 5). Izy no manome antsika ireo modely araka an'Andriamanitra ary koa manambara fa “sarotra ny lalan'ny mpivadika” (Ohabolana 13: 15). Izy no manome fahendrena tsy mety lany andro, ka manao antsika ho “hendry ho amin'ny famonjena” (2 Timoty 3: 15), kanefa amin'ny fomba tsotra indrindra ka na ny zaza aza dia mahatakatra izany. Nandritra ny tantara sy ny faminiana nifandimby dia hitantsika ny fomba nitondran'Andriamanitra ny lasa, ary mahazo toky isika fa tsy maintsy hiseho ny zavatra mbola ho avy (Josoa 21: 45; 2 Kor. 1: 20). Ao anatin'ireo pejina ny Soratra Masina no ianarantsika ny mahakasika ny niaviansika sy ny anjarantsika amin'ny ho avy (Gen. 1: 1; Apok. 21: 1, 7; Apok.: 17).

Amin'ny alalan'ny Soratra Masina sy ny vavaka no ahafahantsika mahalala an'Andriamanitra. Ambara amintsika ao amin'Ny *Dia Ho Eo Amin'i Kristy* hoe “Koa raha ta-hahalala ny Mpamonjy hianao dia ianaro ny Soratra Masina. Fenoy ny tenin' Andriamanitra ny fo rehetra. Rano velona mahafaka ny hetahetanao mirehitra izy. Mofon' aina avy any an-danitra izy.”²

Manazava i Ellen White fa, “Tsy nosoratana ho an’ ny olo-mahay ihany ny Baiboly, fa nokasaina ho an’ ny an-kabeazam-bahoaka koa. Ny zava-dehibe tsy maintsy ilaina amin’ ny famonjena dia natao miharihary toy ny mitataovovonana, ary tsy hisy ho diso afa-tsy izay manaraka ny hevitra ny tenany ihany, fa tsy ny sitrapon’ Andriamanitra voambara mazava ao amin’ ny teniny.”³

Avy eo izy mampitandrina hoe, “Tsy tokony handray ny fanambaran’ olona, na iza na iza, ny amin’ izay ampianarin’ ny Soratra Masina isika, fa ny tenantsika no tokony handinika ny tenin’ Andriamanitra.”⁴

Manazava ny Tenany

Ity fomba iray ity dia tohanan’ny fomba famakiana ny Tenin’Andriamanitra izay mandray ny lafiny ara-Baiboly sy ara-tantara (na ara-Baiboly sy ara-pitsipi-pitenenana), araka izay voafaritra ao amin’ny tahirin-kevitra “Methods of Bible Study” (Ireo fomba fianarana ny Baiboly) izay nofidian’ny fiangonana manerantany.⁵ Ity fomba fianarana ny Baiboly izay nodinihana tsara ity dia mamela ny Baiboly mba hanazava ny Tenany, fa tsy ho hazavain’ny olona na kolontsaina, araka izay amporisihan’ireo fomba fianarana ny Baiboly mifantoka amin’ny fitsikerana mba ho ataon’ny mpamaky. Ity fomba iray ity dia hazavaina lalindalina kokoa ao amin’ny boky *Hery Mifanandrina*: “Tokony horaisina araka ny heviny mazava tsy misy tandindona na sary ny fitenin’ ny Baiboly. . . . Raha raisin’ ny olona araka ny hamakiany azy ny Baiboly, raha tsy misy mpampianatra sandoka handiso lalana sy hampikorontana ny sainy, dia hisy asa ho vita izay hahafaly ny anjely ka hahatonga olona arivoarivo izay mirenireny ao amin’ ny hevi-diso ankehitriny ho tafiditra ao amin’ ny valan’ ondrin’ i Kristy.”⁶

Nandritra ny taonjato maro, dia betsaka ireo lehilahy sy vehivavy mahatoky izay niatrika loza mafy rehefa nanaiky ny Baiboly araka izay namakian’izy ireo Azy. Ny sasany aza dia namoy ny ainy mihintsy no fahatokiany amin’ny Soratra Masina. Amin’izao fotoana izao kosa dia azo vakiana malalaka io boky io. Isan-taona dia mihoatran’ny 100 tapitrisa ny Baiboly voatonta, ary YouVersion, izay Baiboly anaty ‘application’ azo alaina amin’ny aterineto, dia efa mihoatran’ny 100 tapitrisa ny isan’ireo mpampiasa azy.⁷ Mbola manampy izany ihany koa ireo dikan-teny maro samihafa izay hita any amin’ny aterineto.

Mino ny Tenin'Andriamanitra

Mazava tokoa fa maro ireo olona izay mino fa tena zava-dehibe ny fananana Baiboly, saingy firy ireo olona izay mino fa zava-dehibe ny mamaky azy, sy mandinika izay zavatra hita ao anatiny, ary manaraka ny toro-hevitra omeny?

Ireo Jiosy tao Beria dia teny resy lahatra ny amin'izany. “Ary ny toe-panahin'ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika ; satria nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan'andro, na marina izany, na tsia ” (Asa 17 : 11).

Afaka manao tahaka izany koa isika. Ny famakiana ny Baiboly isan'andro miaraka amin'ny vavaka no fototry ny fanandramantsika ara-panahy. Raha tsy mifandray amin'ny lanitra isika dia tsy ho vitantsika mihintsy ny hitombo ara-panahy (jereo ny 2 Petera 3: 18). Kanefa tombotsoa lehibe ho antsika tokoa ny fahafahana miantso an'Andriamanitra isan'andro, sady mahafantatra fa maniry mafy ny hifandray amintsika Izy.

Isan'andro aho dia miezaka ny hanomboka ny tontolo andro amin'ny fampileferana ny lohaliko rehefa miala ao ambony fandriana. Apetrako eo am-pela-tanan'Andriamanitra ny tenako, ary mangataka fahendrena sy ny Fanahy masina mba ho ao amin'ny fiainako aho. Ny Tompo dia tsy mandao na oviana na oviana ary miahy antsika mandrakariva. Miezaka mamaky ny baiboly amin'ny fomba voarafitra tsara aho amin'ny fanarahana ny drafitra *Minoa ny Mpaminany* ⁸, sady mamaky ireo ampahany hafa ao amin'ny baiboly, ary arahiko amin'ny famakiana ny Fanahin'ny Faminaniana. Hitako ihany koa fa manampy betsaka ny fianarana ny Tari-dàlan'ny Leson'ny Sekoly Sabata ho an'ny Lehibe ary koa ireo karazana tahirin-kevitra fianarana hafa izay manamafy ny dia miaraka amin'Andriamanitra.

Mivavaka mandrakariva aho alohan'ny hamakiana ny Tenin'Andriamanitra, satria tsy tokony hosarahina amin'ny fianarana ny Baiboly mihintsy ny fivavahana sy fangatahana ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Feno fankasitrahana tokoa ny tenako noho ny “Teny Voasoratra,” izay fanehoana an-tsoratra ilay “ Teny Velona,” dia i Jesosy Kristy.

Amin'ny maha-Kristiana Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito anao, dia aza avela mihintsy hisy olona handresy lahatra anao fa tsy zava-dehibe sy manan-danja ny fianarana isan'andro ny Tenin'Andriamanitra voasoratra avy tamin'ny tsindry mandry. Aoka ianao

higoka avy ao amin'ny fahamarinana lalin'ny Soratra Masina sy ny toro-làlana hita ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana. Hanan-karena betsaka lavitra noho izay eritreretinao ny fiainanao ara-panahy. Raha mifandray akaiky amin'Andriamanitra isika, dia hanova antsika Izy, tahaka ny nataony tamin'i Enoka, rehefa miara-mandeha Aminy isan'andro isika.

“Tsy nanao antsirambina ny firaisana tamin'Andriamanitra i Enoka na dia teo afovoan' izany asany be dia be izany aza. Arakaraka ny havesatry ny adidy izay niantsohany, dia arakaraka izany ihany koa no nivavahany matetika kokoa tamim-po mafana. ... nitokana lavitra ny vahoaka, mba hikatsaka ny fahalalana an' Andriamanitra izay nampangetaheta sy nahanoana azy fatratra. Taorian' ireny fotoana niraisany tamin' Andriamanitra ireny dia nanjelanjelatry ny fahazavan' i Jesosy ny tarehiny.” “Tokony hiara-mandeha amin'Andriamanitra ihany koa isika. Rehefa manao izany isika, dia hanjelanjelatra vokatry ny fahazavan'ny Fanatrehany ihany koa ny tarehintsika, . . . hanambara ny Heriny isika, sady hilaza hoe, Voninahitra ho an'Andriamanitra. Tsara Jehovah, ary tsara ihany koa ny tenin'i Jehovah. ...

Ary ireo izay hakarina amin'ny andro farany dia ireo izay mifandray akaiky amin'Andriamanitra eto an-tany.”⁹

Tombotsoa lehibe manao ahoana re izany— dia ny fahafahana mifandray amin'Andriamanitra isan'andro amin'ny alalan'ireo fomba izay efa nomeny antsika. Ary fifaliana manao ahoana re ny fahalalana fa indray andro any dia ho avy Izy handray antsika ary hitondra antsika hody any an-danitra.

Ted N. C. Wilson dia Filoha maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

Fanontaniana hisaintsainana

1. Ahoana no ahafahantsika manao ny fianarana ny Baiboly ataon'ny tena manokana mba ho mahasrika kokoa? Mitadiava fomba miavaka dimy hianarana ny Tenin'Andriamanitra.
2. Ahoana no atao raha toa ka tojo andininy sarotra ao amin'ny Soratra Masina? Inona no mety ho nataon'i Jesosy?

3. Ahoana no ahafantsika mampita amin'ny taranaka Advantista ho avy ny maha-zava-dehibe ny fifandraisana amin'ny Tenin' Andriamanitra?

FEHEZANTENY MANAN-DANJA:

Amin'ny alalan'ny Soratra Masina sy ny vavaka no ahafahantsika mahalala an' Andriamanitra.

(Tahirin-kevitra)

1 Ellen G. White, Ny Dia Ho Eo Amin'I Kristy (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1892), t. 63.

2 Ibid., t. 79.

3 Ibid., t. 80.

4 Ibid.

5 Tahirin-kevitra “Methods of Bible Study” (Ireo fomba fianarana ny Baiboly), www.adventist.org/articles/methods-of-bible-study/

6 Ellen G. White, Hery Mifanandrina (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1892), p. 624.

7 “29 Good Bible Sales Statistics,” Brandon Gaille Small Business & Marketing Advice, <https://brandongaille.com/27-good-bible-sales-statistics/> .

8 Ity plana famakiana ny Baiboly ity dia azo jerena any amin'ny www.believehisprophets.org.

9 Ellen G. White, Zanakalahy sy Zanakavavin' Andriamanitra (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn, 1955), t. 20 (dikan-teny malalaka).

Alahady

Ireo soatoavin'ny fanjakana Sy ny fiainana kristiana

Nosoratan'i Audrey Andersson

Hita any amin'ny ankamaroan'ireo firenena manerana an'izao tontolo izao ny Advantista Mitandrina Fahafito. Milaza ny anton'izany amintsika ny Apokalypsy 14: 12. Io andalan-teny apokalyptika io dia mamaritra ny soatoavina sy fahamarinana roa lehibe izay mandrefy ny finoana Kristiana. Tsy inona izany fa ny finoana mahavonjy an'i Jesosy ho Mpamonjy tokan'ny taranak'olombelona, ary ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra. Ireo soatoavina mandrakizay ireo dia miteraka fiadanana sy fifaliana ary fahasambarana eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona.

Ny Antso ho Amin'ny Fahatokiana

Ny tsy fivadihana amin'i Jesosy amin'ny maha-Tompontsika Azy dia manan-danja indrindra amin'ny fahafahana matoky ny ny fijoroana vavolombelona ataontsika. Ny fiainana feno tsy fahatokiana dia midika ho fahalavoana ara-panahy tanteraka.

Nanamarika i Ellen White hoe : “ Mandà an'i Jesosy Kristy tsy ho Ilay Tokana afaka manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao isika raha tsy manambara amin'izao tontolo izao ny vokatry ny fanamasinana avy amin'ny fahamarinana eo amin'ny toetrantsika manokana, rehefa avy nanaiky izany fahamarinana izany isika. Raha tsy miova ho lehilahy sy vehivavy tsara kokoa isika, raha tsy miova ho tsara fanahy kokoa, ho be fiantrana kokoa, ho mahalala fomba kokoa ary ho feno halemem-panahy sy fitiavana isika, raha tsy asehontsika amin'ny hafa ny fitiavana izay nitondra an'i Jesosy ho eto amin'ity izao tontolo izao ity mba hanatanteraka ny Iraky ny famindram-po izay nomena Azy, dia tsy azo lazaina ho vavolombelon'ny herin'i Jesosy Kristy amin'izao tontolo izao isika.”¹

Ohatra Maneho Fitiavana

Tsy afaka mizara ny fitiavan'i Jesosy amin'ny hafa amin'ny fomba mandresy lahatra tsara isika raha tsy manandrana izany manokana mihintsy aloha. Tsy afaka mizara izay tsy ananantsika isika. Izao tontolo izao dia feno olona izay mitady fitiavana sy fankasitrahana, ary maniry fiadanana sy fahasambarana. Vetivety ihany dia fantatr'izy ireo raha toa ka sandoka isika. Fa ny fahatsoram-po kosa dia mandresy lahatra fo maro.

Teraka tao amin'ny ankohonana Kristiana i Tom. Vita batisa niaraka tamin'ireo namany izy tamin'ny faha-15 taonany. Izany no nandrasan'ny olona rehetra taminy. Kanefa tsy tena niova fo marina izy. Nanambady vehivavy Kristiana tsara tarehy izy, kanefa izany dia tsy nahasakana azy hiaraka amin'ireo izay mandeha eny amin'ny làlam-be malalaka izay mitarika ho any amin'ny fahaverezana. Taona maro taty aoriana dia nanasa pasitora iray ny vadiny mba hitarika vondrona fianarana Baiboly tao an-tokantranon'izy ireo. Tsy liana tamin'izany i Tom, kanefa tsy niady hevitra izy satria mpisakaiza izy sy ilay pasitora.

Tsy fantatry ny rehetra anefa fa nihaino ireo fampianarana Baiboly avy tao amin'ny efitra tao ambadika i Tom. Afaka herinandro vitsivitsy dia tonga nanatrika niaraka tamin'ny vondrona izy, nipetraka mangingina teo akaikin'ny varavarana. Hitany ireo fiovana niseho teo amin'ny fiainan'ny vadiny sy ireo mambra hafa tao amin'ny vondrona. Nanohina an'i Tom ny fahatsoram-pon'izy ireo amin'ny fanekena ny fahadisoana nataony ary fiezahana hampisy fiovana eo amin'ny fiainany. Indray alina dia nanomboka nitomany izy. Tsy ranomaso tsotra anefa, fa ranomasom-pifaliana sy alahelo. Nijoro vavolombelona izy hoe: “Tsy takatro mihintsy ny hafatra Advantista hatramin'izay. Kanefa rehefa nihaino ireo fampianarana aho, dia nahita an'i Jesosy tamin'ny fomba vaovao sy mazava kokoa. Nomen'Andriamanitra fahafahana hanao fiaingana vaovao indray aho ary nomeny maso vaovao. Niova tanteraka ny fahitako ny zava-misy.”

Natao batisa izy satria nahita fitiavana mandresy lahatra izay sady marina no azo antoka ary mora miampita amin'ny hafa.

Fankatoavana Manasitrana

Ny fankatoavana dia fahamarinana izay haratsiana matetika sady diso ny fandraisana azy. Ny fankatoavana ireo didin'Andriamanitra dia mitarika ho any amin'ny fanasitrana ny taranak'olombelona ary ahazoan'ireo izay mampihatra azy tombotsoa betsaka mandrakariva. Io no anisan'ny tena fanehoana marina ny fitiavantsika an'i Jesosy. Nanoratra i Jaona hoe: “ Fa izao no fitiavana an'Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny, sady tsy mavesatra ny didiny ” (1 Jaona 5 : 3).

Nisy tovovavy iray, 18 taona, nandao ny tranony mba hianatra eny amin'ny anjerimanontolo. Nandritra ny herinandro voalohany dia nahita izy fa ny iray tamin'ireo kilasy tokony hatrehany dia atao rehefa zoma hariva aorian'ny filentehan'ny masoandro. Nandeha niresaka tamin'ilay mpampianatra izy ary nanazava fa amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito azy dia mitandrina ny Sabatan'ny andro fahafito izy ka tsy afaka ny hanatrika ireo kilasy izay atao rehefa zoma hariva. Naneho ny fahasorenany ilay mpampianatra kanefa tsy nanaiky hanova ny fandaharam-potoana. Tsy natahotra ny amin'izany toe-javatra manahirana izany anefa ilay tovovavy fa nentiny teo amin'Andriamanitra ilay olana.

Herinandro taty aoriana dia nilaza tamin'ireo mpianatra ilay mpampianatra fa novainy ho Zoma maraina ny fotoana hanaovana ilay kilasy. Tsy fantatr'ilay tovovavy, fa niantso ny foiben'ny fiangonana ilay mpampianatra ary nanontany hoe, “Marina ve izany fa ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mitandrina ny Sabata manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro rehefa zoma ka mandrapaha-tongan'ny filentehan'ny masoandro rehefa sabotsy ?” Rehefa fantany fa marina tokoa izany dia nanapa-kevitra ny hanova ny fotoana hanaovana ilay kilasy izy.

Fitahiana avo roa heny no vokatry'izany. Voamarina ny finoan'ilay tovovavy ary vao maika nanamafy ny finoany izany ; sady nampisy hery miasa mangina teo amin'ilay mpampianatra ka nitarika azy hanaja an'ilay tovovavy ; ary nahatonga an'ilay mpampianatra hifankafantatra amin'ny finoana sy ny fomba fiainana Advantista.

Miteraka Fahafahana Hirotsahan'ny Fitahiana

Ireo soatoavina sy fahamarinan'ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy manana hery hitahiana ireo izay mahafantatra azy, sy handresena lahatra ireo izay tsy mahafantatra azy, raha toa ka tsy iainana amim-pifaliana ireo soatoavina sy fahamarinana ireo ao amin'ny fiainana sy ny fitondran-tenan'ireo mambran'ny fiangonana. Rehefa iainana eo amin'ny fiainana tena izy ny fanambarana atao, dia izay izy vao manana hery afaka mandresy lahatra. Rehefa manao ny tsara sy ny marina ary ny rariny isika, ary mijoro ho an'ireo soatoavina ara-Baibolin'ny fanjakan'Andriamanitra, dia manome fahafahana ho an'Andriamanitra, tsy vitan'ny hoe mba hiasa ho antsika fotsiny fa mba hikasika ny fiainan'ny hafa ihany koa.

Diniho ity fanontaniana napetraky ny mpanao salamo ity: “Jehovah ô, iza no hitoetra ao amin'ny tabernakelinao? Iza no honina ao an-tendrombohitrao masina?” (Salamo 15: 1). Mazava tsara ny valiny: “ Izay mandeha tsy misy tsiny ary manao izay mahitsy, sady misaintsaina ny marina ny fony ; Tsy manendrikendrika amin'ny lelany, sady tsy manisany ratsy ny sakaizany, ary tsy manao izay hahafa-baraka ny namany, Tsy manaja ny ratsy fanahy, fa manome voninahitra ny matahotra an'i Jehovah ” (andiny 2-4).

Potipotika sy very hevitra izao tontolo misy antsika izao. Zava-misy tena marina izany na aiza na aiza ahitana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Mba hahafahantsika miaina ny finoantsika ampahibemaso, dia tsy maintsy mitokana ary miomana sy mitombo mangina aloha isika. Nomen'Andriamanitra fanamby i Jeremia hoe “Miveziveze eny an-dalamben'i Jerosalema,” mba hitady olona izay manao ny marina sy mitady ny hitsiny (Jeremia 5 : 1). Mbola mitady olona tahaka izany Andriamanitra amin'izao fotoana izao: ireo izay hanao ny marina hatrany mahakasika ireo zavatra izay hitany ao amin'ny tenin'Andriamanitra voasoratra, ireo izay miaina ny fahamarinana, sy manana finoana an'i Jesosy, ary mandeha araka ny Didiny.

Ny tsirairay avy amintsika dia afaka mamaly ny Antsony amin'ny filazana hoe, “Tompo malala ô, izaho dia ho olona mahatoky. Ampio aho mba hiova ho tena olona marina sy mahitsy amin'ny maha-Kristiana tena izy ahy.” Izany valiny omentsika izany dia miteraka fahafahana ho an'Andriamanitra mba hitahy antsika sy ireo rehetra izay kasihintsika. Izany no fifaliantsika amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika.

Fanontaniana:

1. Ahoana no ahafahantsika miaina ny fiainantsika amin'ny fomba izay mitaratra ny finoantsika?
2. Inona no tokony ovaina eo amin'ny fiainantsika raha tiantsika ho azo inoana sy hatokisan'ny hafa ny fijoroana vavolombelona hataontsika?
3. Ny asan'ny Fanahy Masina irery ihany no afaka tena manamboatra ny fiainantsika. Ahoana no hahafahantsika manana ny herim-po hamela Azy hanao izany asa izany amin'ny fomba malalaka? Inona no mety hanàkana antsika tsy hamaly Azy?

Audrey Andersson dia tonia mpanatanteraka ao amin'ny Diviziona Trans-Europeana, ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerantany.

(Tahirin-kevitra)

1 Ellen G White, *That I May Know Him* (Mba hahalalako Azy) (Washington, D.C. : Review and Herald Pub. Assn., 1964), t. 306 (Dikan-teny malalaka).

Alatsinainy

Mianatra ny Fomba Fiainana Masina

Ny fomba fiainana Kristiana sy ny vokatry ny Fanahy

Nosoratan'i Alain Coralie

Mety hisy ve izany hoe “Fikambanan’ny Advantista Mpamaky Banky” izany ? Mety hilaza ianareo hoe fanontaniana adaladala izany satria misy ireo fomba fiainana izay tsy afaka mifanaraka amin’ny Fiangonana Advantista mihintsy. Ahoana ary no fomba tokony hiainantsika ny finoantsika? Ity fanontaniana ity dia mangataka valiny ara-Baiboly, kanefa betsaka ireo lainga izay misy. Andeha hodinihantsika ny roa amin’izy ireny.

Diso Hevitra: Lainga Roa Lehibe

Ho an’ny sasany, dia tsy misy dikany ny fampiharana fomba fiainana Kristiana miavaka, satria izy ireo dia tsy mety manaiky ny rohy mampifandray ny finoana sy ny fomba fiainana, ary ny foto-pinoana sy ny fitondran-tena. Misy ihany koa ireo izay mifantoka amin’ny lalàna sy ny fitsipika fotsiny ihany, ka lasa tsy i Kristy intsony no ivon’ny fanandramana ireo ara-pivavahan’izy ireo.

Niatrika toe-javatra tahaka izany ny apôstôly Paoly tany Galatia. Nisy ireo Kristiana sasany izay nino fa ny fahafahafana ao amin’i Kristy dia midika fa tsy ilaina ny miaina amin’ny fitandremana ny fitondran-tena (Gal. 5 : 13 – 6 : 10). Nisy koa ireo hafa izay nino fa afaka mahazo ny fankasitran’Andriamanitra izy ireo amin’ny fanarahana ireo fitsipika tranainy tao amin’ny Testamenta Taloha, ary anisan’izany ny mahakasika ny famorana (Gal. 1 : 1 – 5 : 12).

Notoherin'i Paoly avokoa ireo hevitra roa ireo. Ho an'ireo izay nihevitra fa tsy ilaina ny asa, dia nanasongadina mafy ilay apôstôly fa hotsarina araka ny asany avy ny vahoakan'Andriamanitra (Gal. 6: 7, 8). Ho an'ireo izay nino kosa fa ny asa no ahazoany ny fankasitrahan'Andriamanitra, dia nasongadin'i Paoly mazava tsara fa "tsy hamarinina amin'ny asan'ny lalàna ny olona, fa amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy" (Gal. 2 : 16). Nametraka ilay apôstôly fa raha tsy mifototra mafy ao amin'ny filazantsara ny fomba fiainana Kristiana, dia mivadika ho fahasoavana mora vidy raha tsara indrindra, ary fitiavana ny tonga lafatra kosa raha ratsy indrindra.

Ny fanalahidin'ny fomba fiainana Kristiana, araka izay lazain'i Paul, dia mitoetra ao anatin'ny fanoloran-tena tanteraka ho an'i Kristy amin'ny alàlan'ny fanatrehana sy herin'ny Fanahy Masina izay miasa ao anaty. Ao amin'ny Galatiana 5: 22, 23, dia ampiasainy ny teny hoe "vokatry ny fanahy" mba hilazana ireo toetra sy fitondran-tena tsara izay ateraky ny Fanahy masina. Mitanisa toetra tsara sivy i Paoly izay mandrafitra ny "vokatry ny Fanahy." Ao anatin'izany ny: "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemam-panahy, fahononam-po" (MG1865).¹ Ireo toetra tsara rehetra ireo dia maneho ny toetran'i Kristy izay asaina tahafintsika amin'ny maha-mpanara-dia azy antsika.

Araka ny teny izay nampiasaina hamaritana azy, dia tsy zavatra namboarin'olombelona ny vokatry ny Fanahy fa zavatra izay nomen'Andriamanitra. Tahaka ny hazo paoma izay tsy afaka mamokatra akondro, ary tahaka ny kisoa izay tsy afaka manidina, dia tsy ho vitan'ny olombelona feno fahotana irery mihintsy ny hamolavola toetra tsara araka an'Andriamanitra. Andriamanitra irery ihany no afaka mamolavola sy sy maneho ny Toetrany ao anatintsika. Mipetraka ny fanontaniana vokatr'izany: Moa ve isika manaiky ihany koa izay lazain'ny Baiboly momba ny fomba fiainana Kristiana? Raha ny tena marina dia tsy ho vitantsika mihintsy ny hanandratra an'i Kristy ao amin'ny fianakaviansika, ao amin'ny fiangonantsika ary ao amin'ny fiarahamonina misy antsika raha tsy tafiditra ho ampahany lehibe sy manandanja ao amin'ny toetrantsika sy fomba fiainantsika amin'ny maha-Kristiana antsika ireo toetra tsara toy ny "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemam-panahy, fahononam-po."

Hevitra Marina: Fahamarinana Telo Lehibe

Mipetraka ny fanontaniana ankehitriny : Ahoana no ahafahan'ny vokatry ny Fanahy miorina mafy ao am-pontsika ary miseho eo amin'ny fiainantsika andavan'andro ? Ao amin'ny

Galatiana 5 : 24, 25, i Paoly dia manondro antsika fomba telo mifandray izay ahafahantsika maneho ny tena fomba fiainana Kristiana marina amin'ny maha-mpianatra mamoa antsika.

Voalohany indrindra, maneho ny tena fomba fiainana Kristiana marina amin'ny maha-mpianatra mamoa antsika isika rehefa ampahatsiahivintsika mandrakariva ny tenantsika fa isika dia “an'i Kristy Jesosy ” (andininy 24, MG1865). Raha te hamoa be isika dia tsy maintsy mifandray amin'i Kristy isan'andro (jereo ny Jaona 15 : 5). Raha ny tena marina, ny atao hoe Kristiana dia mihoatra lavitra noho ny hoe mino foto-pinoana vitsivitsy sy manaraka fitsipika sasany fotsiny; ny tena maha-Kristiana dia ny fiovana lehibe sy tanteraka eo amin'ny fo izay mitarika ho amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra amim-pinoana. Mariho tsara fa apetrak'i Paoly eo amin'ny laharana voalohany ao anatin'ny lisitry ny toetra mendrika ny fitiavana, satria io toetra tsara ambony indrindra io no raisiny ho porofo lehibe indrindra manamarika ny tena fomba fiainana Kristiana marina. Nanatra ireo Galatiana hatrany izy hoe: “mifampanompoa amin'ny fitiavana” (Gal. 5 : 13). Iza no tiana hahatongavana: ny fiainantsika andavan'andro dia afaka mitoro ny filazantsara amin-kery lehibe. Iza no ilazan'i Ellen White ny amin'izany: “Mahasarika sy manintona bebe kokoa, mihoatra lavitra noho ny fahaizana mandaha-teny, ny fiainana mangina sy milamina izay iainan'ny tena Kristiana marina sy madio. Ny zavatra izay iainan'ny olona iray dia manana hery miasa mangina betsaka kokoa noho izay zavatra teneniny. ... Ny fandresen-dahatra mahery indrindra izay manohana ny filazantsara dia ny Kristiana izay sady be fitiavana no mahatehotia.”² Ny tena fomba fiainana Kristiana marina dia manana an'i Kristy ho ivo sy fototra.

Faharoa, maneho ny tena fomba fiainana Kristiana marina amin'ny maha-mpianatra mamoa antsika isika rehefa manombo “ ny nofo mbamin'ny faniriany sy ny filany tamin'ny hazo fijaliana ” (andininy 24). Amin'ny maha-Kristiana antsika dia tsy afaka ny sady hanaram-po amin'ny asan'ny nofo isika (andininy 19-21) kanefa milaza ihany koa fa mitodi-doha ho any an-danitra. Mila mamono ny momba ny tenantsika isika. Nanoratra i Dietrich Bonhoeffer hoe, “Rehefa miantso olona iray i Kristy, dia miantso azy mba hanatona ary ho faty. ” Amin'ny maha-mpino antsika, dia andraikitsika ny manongotra ireo ahi-dratsy rehetra izay mety hangeja sy hanepotra ny fiainantsika ara-panahy, mba ahafahan'ny vokatry ny Fanahy miroborobo ao anatintsika. Raha lazaina amin'ny fomba izay azo ampiharina dia midika izany fa tsy maintsy vonoina avokoa ireo fahazarana sy fampiharana ary fomba fanao rehetra izay mamahana ny fiainantsika teo aloha feno fitiavan-tena sy fanaranam-po. Ny tena fomba fiainana Kristiana marina dia mandà ny tenany.

Fahatelo, maneho ny tena fomba fiainana Kristiana marina amin'ny maha-mpianatra mamoa antsika isika rehefa “mandeha araka ny Fanahy” (Gal. 5 : 25). Ny atao hoe mandeha araka ny Fanahy dia midika fa fehezin'ny Fanahy Masina avokoa ny faritra rehetra amin'ny fiainantsika, manomboka any amin'ireo eritreritra sy fihetseham-pontsika anatin'ny indrindra ka hatrany amin'ireo fifandraisana sy fifaneraserana iainantsika isan'andro. Ao anatin'izany ny famolavolana sy fankaherezana antsika amin'ny alalan'ny Teny, ny vavaka, ny fiderana, ny firahalahiana ary ny fanompoana. Zava-dehibe indrindra ny mitadidy fa ny fomba fiainana Kristiana izay tsy eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina dia tsy hahomby mihintsy. Rehefa miara-mamindra amin'ny Fanahy isika, dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra hentitra mba hamono ny izahontsika teo aloha ary hikolokolo ny vokatry ny Fanahy.

Afaka ny hanao ny tsara isika rehefa tohanan'ny herin'Andriamanitra ny ezaka izay ataontsika. Tsy hitovy na hifanaraka amin'ny fanaon'ny besinimaro ireo soatoavin'ny fomba fiainantsika. Rehefa mandresy lahatra antsika ny Fanahy ny amin'ireo safidy ratsy nataontsika (ny amin'ireo zavatra izay tenenintsika, hiraintsika, jerentsika ho fialam-boly, sns.) dia hangataka famelan-keloka amim-panetren-tena isika. Mifanohitra amin'izany kosa anefa, rehefa hitantsika fa toa efa manomboka misy fandrosoana eo amin'ny tenantsika, dia tokony hifehy tena isika tsy hanana toetra manakiana na mitsaratsara ireo mpiara-dia amintsika izay mety sahirana eo amin'ny diany miaraka amin'Andriamanitra. Ny tena fomba fiainana Kristiana marina dia tarihin'ny Fanahy.

Manambatra azy rehetra : Fitsipika Iray

Ny vokatry ny fanahy izay ampiharina isan'andro isan'andro, dia manandratra an'i Kristy eo amin'ny fisainantsika, fihetseham-pontsika ary fitondran-tenantsika. Ny fifandraisana velona miaraka amin'i Kristy irery ihany no afaka mamokatra fomba vaovao ananantsika fiainana izay manome voninahitra an'Andriamanitra sady manintona ny olona hafa ho eo Aminy. Raha fintinina dia izao no mandrafitra ny atao hoe tena fomba fiainana Kristiana marina: miezaka ny ho mpianatra mamoa be izay mitaratra an'i Kristy eo amin'ny toetrantsika sy ny fitondran-tenantsika. Enga anie ka mba ho toy izany ny fanandramana izay iainantsika!

Fanontaniana hisaintsainana

Nahoana no zava-dehibe ny fanehoana ny vokatry ny Fanahy ?

Misy ve fiovana manokana eo amin'ny fomba fiainanao izay amporisihan'ny Fanahy mba ho hataonao ? Mety hanao ahoana ny fiainanao raha havelanao hanana fifehezana tanteraka eo amin'ny fiainanao ny Fanahin'Andriamanitra ?

Alain Coralie dia tonia mpanatanteraka ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany Atsinana, ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerantany.

(Tahirin-kevitra)

1 Ireo andinin-tSoratra Masina izay misy ny marika MG1865 dia avy ao amin'ny Baiboly Teny Malagasy MG1865.

2 Ellen G. White, *The Ministry of Healing* (Ny asa fanompoana amin'ny fanasitranana) (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1905), t. 469, 470 (Dikan-teny malalaka).

Talata

Ankafizo Amin'ny Fahafenoany ny Fiainana!

Miaina Ireo Fitsipi-pahasalaman'Andriamanitra

Nosoratan'i Torben bergland

FEHEZANTENY MANAN-DANJA: Izy Ilay nahary ny aina irery ihany no afaka mamaritra izay tsara.

Nohariana mba ho amin'ny tontolo tsara kokoa isika. Nohariana mba ho amin'ny fiainana tsara kokoa isika. Rehefa namorona izao tontolo izao Andriamanitra ary nametraka ny olombelona teo afovoany dia, “hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany ” (Gen. 1 : 31). Andriamanitra dia nandrafitra izao tontolo izao, sy ny aina izay eo aminy, mba ho tsara indrindra sy tonga lafatra. Nohariana isika mba hanana fiainana izay mitaratra, manambara, mankalaza ary mankafy ny fahatsaran'Andriamanitra amin'ny fihetsika sy fisainana ary fihetseham-pontsika rehetra. Izany no fikasana sy fanirian'Andriamanitra, tamin'izany ary hatramin'izao, ho an'ny fiainantsika eto amin'ity izao tontolo izao ity.

Saingy nisy zavatra izay tsy nandeha araka ny tokony ho izy.

Ny Fahalavoana

Tao amin'ny Sahan'i Edena i Adama sy i Eva dia nisafidy ny hiala amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainana. Nampilatsaka ny fiainan'izy ireo sy ny voary iray manontolo tao anatin'ny fanaintainana sy fijaliana tsy takatry ny saina ny zavatra izay nataon'izy ireo. Raha mba nihaino fotsiny izy ireo, raha mba nahatoky fotsiny izy ireo, dia mety ho azo nosorohana avokoa ny faharatsiana rehetra izay nanaraka taty aoriana. Saingy natoky ny tenany ihany izy ireo fa tsy natoky an'Andriamanitra, ka nihaino ny devoly. Nanomboka tamin'izay, ny tantaran'ny zanak'olombelona dia lasa tantara feno fivadihana

amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainana, sady feno tsy fahatokiana an'Andriamanitra, ary feno fanaintainana sy fijaliana ary fahafatesana.

Ny Fanavotana

Saingy tsy nandao antsika Andriamanitra. Mbola miezaka hatrany ny hanatratra ny olona rehetra eto amin'ity izao tontolo izao ity Andriamanitra. Mbola mitoetra hatrany ny fikasana sy fanirian'Andriamanitra mba hisian'ny fahatsaran ao amin'ity izao tontolo izao ity sy ao amin'ny fiainantsika. Kanefa ny devoly dia manatanteraka iraka hanafika izay rehetra an'Andriamanitra — izay zavatra rehetra noharian'Andriamanitra, izay zavatra tsara, izay zavatra rehetra misy aina. Miaina ao anatin'izany fifanandrinana lehibe izany isika, izay ifanandrinan'i Kristy sy Satana, ny tsara sy ny ratsy, ary ny fiainana sy ny fahafatesana. Kristy dia mikatsaka ny hamonjy, fa ny devoly kosa mikatsaka ny handrava. Efa samy niharan'ny fanafihana ataon'ny devoly avokoa isika rehetra. Samy efa nania ka nivily ho amin'ny lalantsika avy isika rehetra (Isaia 53 : 6). Kanefa na aiza na aiza andehanan'ny devoly mba handrava, dia efa eo ihany koa Andriamanitra mba hitady sy hamonjy (Lioka 19 : 10). Tsy nandao antsika ary tsy nandao an'izao tontolo izao Andriamanitra.

“ Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be ” (andininy 10), ¹ izany no nambaran'i Jesosy. Ny iraka tanterahiny, hatramin'izay ka hatramin'izao, dia ny hanohitra sy handresy ny faharatsian'ny devoly, izay “ tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana ” (Jaona 10 : 10). Ny irak'i Kristy eto amin'izao tontolo izao dia fiainana, ary fiainana be dia be. Ny iraky ny devoly kosa dia fahafatesana. Tsy misy fiainana ao amin'ny faharatsiana. Fahafatesana ihany no misy ao amin'ny faharatsiana. Ao amin'i Kristy irery ihany no hahazoana fiainana. Ao amin'izay tsara ihany no hahazoana fiainana. Ny fiainana—ary ny fiainana be dia be— dia ao anatin'ny fahatokiana amin'ny drafitr'Andriamanitra hoan'izao tontolo izao sy ny fiainana ao anatin'ny ihany no ahazoana azy.

Hatrany am-piandohana, ny devoly dia “ mpandainga sady rain'ny lainga ” (Jaona 8 : 44). Ny fitaka lehibe indrindra napetrany dia ny nandresy lahatra ny lehilahy sy vehivavy fa tsara kokoa, manintona kokoa, mahafinaritra kokoa ary mahafa-po kokoa ny zavatra izay atolony. Ataony miseho ho tsara ny zavatra izay ratsy sy feno fahotana. Ny famitahany lehibe dia ny filazana fa manafaka antsika ary mampitombo ny fiainana ny zavatra izay atolony, fa ny zavatra

izay atolotr'Andriamanitra kosa dia mampisy fetrany sady manimba ny fiainana. Lainga anefa izany. Ny fiainana marina sy tena izy dia ao amin'izay noharian'Andriamanitra sy notahiany ary natolony irery ihany no hahazoana azy. Izay zavatra atolotr'Andriamanitra irery ihany no afaka manome izay tena ilaintsika marina ary manome fahafaham-po ny faniriansika lalina indrindra.

“ Tsy hiaro zava-tsoa amin'izay mandeha amin'ny fahitsiana Izy” (Salamo 84 : 11).

Andriamanitra irery ihany no mpanome sy mpanohana ary mpanasitrana ny fiainana. Izy Ilay nahary ny aina irery ihany no afaka mamaritra izay tsara. Ny Baiboly no Fanambarany amin'ny taranak'olobelona ny amin'izay tsara. Ireo fitsipi-piainana izay handresen'ny Fanahy Masina lahatra antsika rehefa mamaky sy mandinika ny Soratra Masina amim-bavaka isika, ireo no toro-làlana omen'Andriamanitra ho ahy sy ho anao mba hahafahantsika miaina ny fiainana tsara indrindra eto amin'ity izao tontolo izao ity. Miainga avy ao amin'ny tantaran'ny Famoronana ka hatramin'ny teny fampanantenana ny “ lanitra vaovao sy tany vaovao ” (Apokalypsy 21 : 1), manomboka ao amin'ny Genesisy ka hatreo amin'ny Apokalypsy, “ Ry olombelona, efa naseho anao izay tsara ” (Mika 6 : 8). Tsy niaro zava-tsoa amintsika mihintsy Izy.

Miaina ao anatin'ny ady lehibe ifanandrinan'ny tsara sy ny ratsy isika, sady mahatsiaro an'i Edena ary maniry fatratra ny lanitra, ka mila fanasitranana sy famerenana amin'ny laoniny isan'andro. Efa nomen'Andriamanitra antsika ny toro-làna ny amin'ny fomba tokony hiainantsika, ary milaza ny amin'ireo fitsipik'izany fomba fiainana izany i Ellen White ao amin'ny boky *The Ministry of Healing* (Ny asa fanompoana amin'ny fanasitranana). Izao no ambarany, “ Ny rivotra madio, ny tara-masoandro, ny fahalalana onony, ny fialan-tsasatra, ny fampiasam-batana, ny sakafo ara-dalàna, ny fampiasana ny rano, ny fahatokiana ny herin'Andriamanitra—ireo no tena fanafody. ”²

Kanefa iharan'ny fanafihana ireo fitsipiky ny fomba fiainana mahasalama ireo. Manoro hevitra i Ellen White hoe “ ny fihetsika rehetra izay mety hanimba ny hery ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy dia fahotana avokoa, ary tsy maintsy arovana ny fahasalamana amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo didy izay napetrak'Andriamanitra ho soa ho an'ny olombelona rehetra.”³ Tohizany hoe : “ Aoka hapetraka mazava tsara fa làlan'ny didin'Andriamanitra no làlan'ny fiainana. Andriamanitra no nametraka ny làlan'ny natiora, kanefa tsy didy jadona velively ny Lalàny. Ny ‘Aza’ rehetra, na amin'ny làlana ara-batana na ara-pitondran-tena izany, dia

manome teny fikasana avokoa. Raha mankatò isika, dia hirotsaka amintsika ny fitahiana. Tsy manery antsika hanao ny tsara velively Andriamanitra, fa mikatsaka ny hamonjy antsika amin'ny ratsy ary hitarika antsika ho amin'ny tsara mandrakariva Izy.”⁴

Raha nijoro teo amin'ny sisin-tany mankany amin'ny Tany Nampanantenaina ny zanak'Israely, dia nanome fanamby sy niangavy azy ireo i Mosesy :

“ Indro efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa ary ny fahafatesana sy ny loza, tamin'ny nandidiako anao androany ho tia an'i Jehovah Andriamanitrao ka handeha amin'ny lalany ary hitandrina ny didiny sy ny lalany ary ny fitsipiny, mba ho velona ianao ka hihamaro. ... koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona ianao sy ny taranakao, dia ny ho tia an'i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hihaino ny feony sy hifikitra aminy ; fa izany no fiainanao sy fahamaroan'ny andronao” (Deutoronomia 30 : 15-20).

Mijoro eo amin'ny sisin-tany mankany amin'ny Tany Nampanantenaina hafa isika androany. Miaina amin'ny andro farany isika alohan'ny ahafahanao ny “ lanitra vaovao sy tany vaovao” (Apokalypsy 21 : 1). Ny fanamby sy ny fiangaviana ho antsika tsirairay avy ankehitriny sy isan'andro isan'andro dia izao : Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao, henoy ny Feony, mandehana amin'ny fankatoavana, ary fikiro mafy Izy. Amin'izay isika dia hahafantatra izay tsara, ary afaka ny hifidy ny fiainana.

Fanontaniana hisaintsainana :

Faritra aiza ao amin'ny fiainanao no tena hahatsapanao betsaka ny fanafihan'ny devoly ?

Inona ireo zavatra izay angatahin'Andriamanitra mba hovainao eo amin'ny fomba fiaianao mba ahafahanao mankafy ny fiainana amin'ny fahafenoany ?

Ahoana no ahafahanao mitady hery avy amin'Andriamanitra ary fanohanana avy amin'ny hafa rehefa manolo-tena hanisy fiovana eo amin'ny fiainanao ianao ?

Torben Bergland, M.D., dia filoha mpiara-miasa ao amin'ny Departemantan'ny Fahasalamana Advantista ao amin'ny Foiben'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerantany.

(Tahirin-kevitra)

1 Raha tsy misy fanamarihana manokana, ny andalan-teny avy ao amin'ny Baiboly rehetra hita ao anatin'ity lahatsoratra ity dia nalaina avy tao amin'ny Baiboly Teny Malagasy MG1865.

2 Ellen G. White, *The Ministry of Healing* (Ny asa fanompoana amin'ny fanasitranana) (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1905), t. 127 (Dikan-teny malalaka).

3 Ibid., t. 113 (Dikan-teny malalaka).

4 Ibid., t. 114 (Dikan-teny malalaka).

Alarobia

Ilay Kristy Tsy Manam-paharoa

Ny modelintsika ho an'ny fomba fiainana Kristiana

Nosoratan'i Ángel Manuel Rodríguez

Nanoratra ny apôstôly Paoly hoe, “ Izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo, mba hahazoanareo firaisana aminay koa ; ary ny firaisanay dia amin'ny Ray sy amin'i Jesosy Kristy Zanany ” (1 Jaona 1 : 3).¹ Ary ampiany hoe, “ Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa ” (1 Jaona 2 : 6). Ny apôstôly dia mamaritra ny Kristiana ho olona izay mitoetra ao amin'i Kristy, na koa miray Aminy. Ny fiarahana mandeha amin'Andriamanitra isan'andro no mandrafitra ny fiainana Kristiana.

Mba ahafahan'izy ireo mitoetra ao amin'i Jesosy, dia antsoina ireo mpino mba hiaina tahaka ny niainan'i Kristy. I Jaona dia namaritra ny dingan'ny fitoerana ao amin'i Kristy ho fananana firaisana miaraka amin'ny ray, ny Zanaka, ny Fanahy Masina ary ireo mpino hafa. Zava-misy iraisana tokana no ifotoran'ny fiainana Kristiana—ny fahafatesan'i Jesosy ho sorona ho antsika. Saingy ny maha-Kristiana kosa dia aseho amin'ny alalan'ny fomba iainantsika ho an'Andriamanitra sy ho an'ny hafa.

Ny fananana hery manova no nampivavaka ny fiainan'i Jesosy. Afaka mahazo izany koa isika amin'ny alalan'ny fihainoana izay Lazainy (“ Izay efa renay ”) ary ny fanaovana an'izay Nataony (“ Izay efa hitanay ”) — raha lazaina amin'ny fomba fiteny hafa, dia amin'ny alalan'ny fandraisana izay Lazainy sy izay Ataony ho modely. Izy no fanehoana fara-tampony sy lehibe indrindra ny amin'ny fomba izay tokony iainan'ny Kristiana— mandeha toy izay nandehanany koa.

Niezaka ny Hanova ny Olona i Jesosy

Tonga i Jesosy mba hanova tanteraka ny fiainan'ireo izay nihaino Azy sy nahita Azy. Niantso ny olona mba ho tonga mpianany Izy. Tsy ny fanaovana tsianjery ireo Fampianarany fotsiny

ny maha-mpianatra, fa famelana ny herin'ny Fampianarany hamokatra fiainana vaovao ao anatintsika (jereo ny Jaona 3 : 1-8). Jesosy, ilay loharano mahagagan'ny herin'Andriamanitra, dia nanao mpianatra tamin'ny alalan'ny fandresena ny asan'ny devoly ao am-pon'ny zanak'olombelona. Ary niantso ny olona mba hanaraka Azy kosa Izy.

Nisy mpahay siansa iray, tsy maintsy namakivaky ala noho ny asa izay nataony. Koa satria tsy nisy na làlam-be na làlan-kely tao amin'ilay ala mikitroka, dia nitondra mpitari-dalana avy eo an-toerana niaraka taminy ilay lehilahy. Rehefa nandeha elaela izy ireo, dia nilaza tamin'ilay mpitari-dàlana izy hoe, “ Tsy mahita làlana n'aiza n'aiza mihintsy aho. Ahoana no ahafantaranao fa mandeha amin'ny lalana tokony aleha isika ? ”

“Izaho no làlana,” hoy ny navalin'ilay mpitari-dàlana. “ Araho fotsiny aho. ”

Isaorana Andriamanitra fa manaraka olona iray izay mahafantatra ny làlana isika ! Nijery ny zanak'olombelona very làlana sy very hevitra i Jesosy ary nilaza hoe, “ Izaho no làlana, manaraha Ahy ! ” (jereo ny Jaona 14 : 6). Rehefa manaraka Azy isika, ny handrasana amintsika dia ny “ handeha toy izay nandehanan'i Jesosy ” (1 Jaona 2 : 6).

Ireo Tenin'i Jesosy

Mazava ho azy fa i Jesosy no nametraka ny fenitra ny amin'ny atao hoe ny maha-Kristiana. Re teny an-dalambe, teny an-tokotanin'ny tempoly, teny amoron-dranomasina, ary nandritra ireo dia nataony ny Teniny, manambara ireo soatoavina sy fitsipi-piainan'ny fanjakan'Andriamanitra. Tamin'ny Alalany no nahenoina indray ny feon'Andriamanitra teo amin'ilay planeta lavo, mananatra ny zanak'olombelona ary manome dikany vaovao indray izay zavatra ren'ny vahoakan'Israely tao amin'ny Testamenta taloha.

Ilay Toriteny teo an-tendrombohitra no fanehoan'i Jesosy ny fomba fiainana izay tokony ananan'ireo izay manaraka Azy sy te haneho ny maha-Kristiana azy ireo amin'izao tontolo izao.

Tao amin'ilay toriteny i Jesosy dia nanameloka ny famonoan'olona, indrindra rehefa atao amin'ny alalan'ny teny amim-pahatezerana izany (Matio 5 : 21, 22). Nohamafisiny ny maha

zava-dehibe ny fiainana am-pilaminana miaraka amin'ny hafa (andiny 23, 24). Nambarany fa ny fijangajangana dia tsy ny mijangajanga ara-bakiteny miaraka amin'ilay olona ihany, fa rehefa manana fisainana feno filàna ara-nofo ihany koa dia efa mijangajanga. Fihaikàna lehibe lavitra, tsy takatry ny saina, no misy amin'izao fotoana izao mihoatra noho ny tamin'ny andron'i Jesosy vokatry ny fakam-panahy izay entin'ny aterineto (andiny 27-30). Nanamafy ny mahakasika ny fanambadiana i Jesosy ary nampahatsiahy ireo mpihaino Azy fa ny fisaraham-panambadiana dia manana ireo fahasarotana manokana ho azy ihany koa (andiny 31, 32).

Niresaka momba ny rariny i Jesosy, sy ny maha-tsara kokoa ny fahalalan-tanana mihoatra noho ny valifaty (andiny 38-40), ary nilaza ihany koa Izy fa ny fitiavana—eny fa na dia ho an'ny fahavalo aza—dia iray amin'ireo toetra mampiavaka ny tena toe-panahy marina, ary koa fitaratry ny toetran'Andriamanitra mazava indrindra. Niresaka momba ny fiahiana ireo izay sahirana i Jesosy, ary ny fialana amin'ny famahanana ny fitiavan-tenantsika manokana (Matio 6 : 1-4). Nampahatsiahy an'ireo Mpianany i Jesosy fa ny tena harena marina dia any an-danitra no misy azy (andiny 19-24), ary tsy ny fananana ara-materialy no mamaritra ny hatsaran'ny fiainantsika ara-panahy. Raha mikatsaka an'i Jehovah sy ny Fanjakany dia homena antsika avokoa izay zavatra ara-panahy, ara-pihetseham-po ary ara-materialy ilaintsika indrindra (Matio 6 : 25-34).

Amin'izao vanim-potoana feno fahakiviana sy tebiteby izao dia tokony hihazona ny fitiavan'Andriamanitra antsika isika ary tokony hatoky fa afaka manome izay zavatra ilaintsika indrindra Izy. Rehefa alaim-panahy hitsaratsara ny hafa noho ny tsy fahatanterahany isika, dia mangataka antsika i Jesosy mba hiato kely ary hanaiky fa ny asantsika voalohany indrindra dia ny fijerevana ireo tsy fahatanterahantsika manokana (Matio 7 : 1-5).

Narafitra mba hahatonga ny fiainantsika ho misy dikany, mahafinaritra ary mahomby amin'ny fanompoana ny hafa ireo fampianaran'i Jesosy. Ny fitiavana no ivo sy fototr'ireo soatoavin'ny fanjakan'Andriamanitra. Tsy didy iray hafa fotsiny ny fitiavana Azy ; io no lakaoly izay mihazona ny fiainantsika ara-panahy mba hitambatra. Ny fitiavana an'Andriamanitra no mandrafitra ny fototry ny fankatoavantsika ny lalàna (jereo ny 1 Kor. 13). Tsy ho an'ireo olona izay mahafinaritra antsika ihany, fa ho an'ireo fahavalontsika ihany koa no tokony anehoantsika ny fitiavana ny hafa.

Mampalahelo anefa fa matetika dia sarotra amintsika ny mitia ny hafa, ary na dia ny fiangonana aza dia lasa toeram-pifandirana sy fifanandrinana izay manimba ny firaisana sy ny maha-Kristiana mifototra amin'i Kristy antsika. Mety ho nahafantatra izany ny apôstôly Jaona, satria nanoratra izy hoe : “ Fa izao no teny nampitondraina izay efa renareo hatramin'ny voalohany : tsy maintsy mifankatia isika ” (1 Jaona 3 : 11).

Ireo Fihetsik'i Jesosy

Araka ny voalazan'ny Baiboly, dia amin'ny alalan'ny fihetsika ataony no isehoan'ny toetra sy ny maha-izy-azy ny olona iray. Tsy niafina velively tamin'ny hafa ny maha-Izy-Azy an'i Jesosy. Tonga olombelona Izy mba hanehoany ny maha-Andriamanitra Azy amin'ny alalan'ireo fihetsika ataony.

Rehefa nogadraina i Jaona Mpanao Batisa dia nandefa iraka izy mba hanontany an'i Jesosy raha Izy tokoa no Mesia. Naneho ny Tenany tamin'ireo mpianatr'i Jaona i Jesosy, tsy tamin'ny alalan'ny teny Nolazainy ihany, fa indrindra indrindra tamin'ny alalan'ny zavatra izay Nataony teo anoloan'izy ireo (Matio 11 : 1-6).

Ny fihetsiky ny olona iray no manambara ny toetrany. Niara-nisakafo tamin'ny mpamory hetra sy ny mpanota i Jesosy, izany no Nanehoany ny fangoraham-pon'Andriamanitra (Matio 9 : 11-13). Niaina fiainana izay nilefitra tanteraka tamin'ny sitrapon'ny Ray Izy (Jaona 5 : 19) ary nanamafy izany fifandraisana izany Izy tamin'ny alalan'ny firaisana tamin'ny Ray amin'ny vavaka sy ny fahalalana ny soratra Masina. Nitandrina ny fahamasinan'ny sabata Izy (Lioka 4 : 16) ; nitia ireo fahavalony Izy ary nivavaka ho azy ireo (Matio 26 : 51-53 ; Lioka 23 : 34). Nahatohitra ilay ratsy Izy rehefa nalaim-panahy (Matio 4 : 16), ary nandresy azy tamin'ny alalan'ny fanafahana ireo izay azon'ny demonia sy ireo izay narary (Marka 1 : 32-34).

Rehefa nahita an'i Jesosy nanatanteraka fahagagana ny olona, anisan'izany ny fanasitranana jamba roa lahy, dia niaiky izy ireo fa Nampiasainy hanompoana ny hafa ny hery tsy manam-paharoa izay Nananany (Jaona 9 : 33). Nitaratra ny maha-Izy-Azy ny asan'i Jesosy tsirairay avy, ka naneho ny fomba fiainana izay tokony ampiharin'ireo izay manara-dia Azy sy mandrafitra ny Fiangonany. Ny Fiainany iray manontolo dia fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra tsy manam-petra ho an'ireo Voariny rehetra. Ny fanomboana Azy teo

amin'ny hazo fijaliana ho fanesorana ny fahotantsika no fanehoana fara-tampony ny fitiavan'Andriamanitra ny zanak'olombelona (Jaona 3 : 14-16; 1 Jaona 4 : 7-10).

“ Kristiana Aho ”

Tonga mba hampahafantatra hoe iza Izy tamin'ny alalan'ny teny sy ny fihetsika i Jesosy. Saingy tamin'ny alalan'ny Fitondran-tenany sy ny Toetrany no nahafantaran'ny olona fa Zanak'Andriamanitra Izy.

Nitsidika firenena iray izay ahitana Silamo sy Kristiana miara-miaina aho, ary nandray taxi mba hamonjy fivoriana iray. Nandritra ny dia, nanontaniako ny mombamomba ny fiainany ara-pivavahana ilay mpamily. Namaly tamim-pitsikiana izy hoe, “ Silamo aho. ” Nambarako taminy fa nanana namana Silamo vitsivitsy aho, ary nolazaiko taminy fa tena nanokan-tena lalina ho an'i Allah izy ireo.

Nanontaniany ahy ny momba ny fivavahako, ary namaly aho fa Kristiana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny tenako. Nihomehy tamim-pifaliana izy sady niteny tamin'ny feo avo hoe, “ Misy Advantista betsaka ao amin'ny tanàna misy ahy, ary toy ny Silamo tsara kokoa no izaho aza izy ireo. Mandeha any amin'ny moskeany imbetsaka isan-kerinandro izy ireo ary ny sabotsy dia laniany amin'ny fanaovana fanompoam-pivavahana sy fanaovana asa soa. Olona mpivavaka tokoa izy ireo, sady mivavaka mihoatran'ny in-telo isan'andro. Tsy mihinana kisoa izy ireo sady tsy misotro zava-pisotro misy alikaola ! ” Amin'ny alalan'ny fomba fiainantsika no ahafantaran'ny olona antsika voalohany (amin'ny alalan'ireo fihetsika ataontsika), izay vao amin'ny alalan'ny zavatra ampianarintsika. Ny fivavahan'i Jesosy dia tsy mahakasika ny fiheverana ara-tsaina na ny rafitra ara-teôlôjika fotsiny ihany, fa mahakasika ny fahamarinana velona izay mandrakotra ny tenan'ny olona iray manontolo. Fahamarinana izay manova tanteraka ny fomba fisainana sy fomba fiteny ary fomba fihetsika ataontsika izany.

Nanoratra i Ellen White hoe : “ Kristy no modely ho antsika, Izy no ohatra tonga lafatra sy masina izay nomena mba ho harahintsika. Tsy afaka ny hitovy amin'ny modely mihintsy isika ; kanefa azontsika atao ny manahaka sy mitaratra azy arak'izay fahafahantsika manao.”²

Izany karazana fivavahana izany, izay hitan'ny hafa amin'ny alalan'ny fihetsika asehontsika, no manokatra ny varavarana mba ahafahan'izy ireo mihaino sy mianatra ny fahamarinana. Tsy inona izany fa ny fandehanana tahaka ny nandehanan'i Kristy.

Fanontaniana hisaintsainana

1. Nahoana ny Baiboly no maneho an'i Kristy ho ohatra ho antsika ?
2. Nahoana isika no tokony hampifanaraka ny fiainantsika amin'ny fiainan'i Jesosy ? Mba ho tonga lafatra ve ? Mba ho eken'Andriamanitra ve ? Mba hanompo ny hafa ve ? Sa izy telo ireo mitambatra ?
3. Inona ny hevitrao : mety ve amin'ny fotoana sy toe-javatra sasany ny manafina ny maha-Advantista antsika ?

Angel Manuel Rodríguez dia talen'ny *Biblical Research Institute* (Ivon-toeran'ny Fikarohana ara-Baiboly) tao amin'ny Foibe Manerantany tamin'ny taona 2001 ka hatramin'ny 2011.

(Tahirin-kevitra)

1 Ny andalan-teny avy ao amin'ny Baiboly rehetra hita ao anatin'ity lahatsoratra ity dia nalaina avy tao amin'ny Baiboly Teny Malagasy MG1865.

2 Ellen G. White, in *Advent Review and Sabbath Herald*, 5 Febroary 1895.

Alakamisy

Fihaonana Manova ny Fiainana

Ny fomba fiainana Kristiana sy ny haino aman-jery

Nataon'i Klaus Popa

“ Iza moa ianao, anaka ? ” (Genesisy 27 : 18).

Manontany tena aho hoe mety efa fantatr'i Jakoba ve fa hametraka izany fanontaniana izany i Isaka rainy. Mety nanantena sy nivavaka angamba izy mba tsy hisy resaka betsaka. Angamba nanantena i Jakoba fa hihinana sy hankafy mangina ilay sakafo izay nokarakarainy ny rainy, ary avy eo hitso-drano azy, ka afaka ny hivoaka ny tranolay i Jakoba. Tonga dia mahitsy, tsy misy fahasarotana. Saingy, rehefa nipetraka ilay fanontaniana, dia tsy maintsy namaly i Jakoba.

Inona anefa no holazainy ? “ Izaho no Jakoba zanakao.” Izany no marina tokony nolazainy, saingy ho fantatry ny rainy ihany koa fa nikasa ny hamitaka azy izy. Ho fanampin'izany, hanao ahoana ny amin'ilay tso-drano notsiriritina ? Sanatria ve hivadika ho ozona ? Nanapa-kevitra ny handainga i Jakoba ary namaly hoe, “ Izaho no Esao zanakao lahimatoa ” (andininy 19). Nisandoka ho rahalahiny izy, mba hahazoana ilay tso-drano. Toa tsy resy lahatra anefa i Isaka ka niezaka hatrany ny hamantatra hoe iza ilay olona izay nandroso sakafo ho azy. Farany dia nahavita nisandoka ny rahalahiny i Jakoba ka nitso-drano azy i Isaka.

Tena Izy

Taona vitsivitsy lasa izay, niresaka tamin'ny mpitarika ny fiangonana iray aho ny amin'ny fampiasana ny haino aman-jery amin'ny asa fitoriana. Nandany 20 taona izy tao amin'ny asa fanompoana amin'ny alalan'ny haino aman-jery. Raha teo am-piresahana izahay dia nilaza izy hoe. “ Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, dia mpamaky lay izay

nampiasa ny karazana haino aman-jery vaovao hatrany isika mba hanaovana asa fitoriana amin'ny besinimaro. Mba hahafahana mizara ny hafatry ny anjely telo amin'ny olona betsaka kokoa dia nanomboka nampiasa zanabolana isika mba hanaovana asa fitoriana nandritra ireo taona sivifolo, ary nanomboka nandefa fantsona fahitalavitra maro isika taona maromaro taty aoriana. Tsy ho ela dia isika no hanana ny tambajotra-na fahitalavitra Kristiana lehibe indrindra manerantany.”

“ Nahatratra ary mbola manohy mahatratra olona an-tapitrisany maro manerana ny tany tamin'ny filazantsara mahakasika ilay Andriamanitra be fitiavana isika, tamin'ny alalan'ny fampiasana ireo karazana haino aman-jery maro samihafa. Fitahiana lehibe tokoa izany ! ” Niato vetivety izy avy eo. “ Hitanao, indraindray aho manontany tena hoe sao isika diso mirona loatra amin'ny fanehoana ‘tontolon’ny finoana’ tsara sy tonga lafatra izay tsy mifanaraka amin'ny tenantsika ao amin'ny fiainantsika isan'andro. ” Niato kely indray izy. “ Moa ve isika mifantoka betsaka loatra amin'ny fanehoana ireo zavatra tokony inoantsika sy ny fomba tokony hampiharantsika ny finoantsika, ka vokatr'izany dia tsy mahita ny fahalementsika, ny filantsika ary ny fahapotehantsika intsony isika ? Sarotra amintsika ny miaiky eo anatrehan'ny tenantsika sy eo anatrehan'ny hafa fa tsy manana ilay fahatsarana izay tiantsika aseho, na ilay ‘finoana tonga lafatra’ izay takian'ireo fampitana alefantsika amin'ny haino aman-jery isika. ”

Mila valiny avy amin'ny tena manokana izany fanontaniana izany. Tsy misy afaka manome valiny ho an'ny olon-kafa. Saingy, maro amintsika no miatrika toe-javatra toy izany rehefa mizara ny finoantsika. Amin'ny maha-vondrom-pinoana antsika dia te hanampy olona maro araka izay azo atao isika mba hahalala an'Andriamanitra. Ny fananana izany tanjona izany dia mahatonga antsika ho alaim-panahy hifantoka amin'izay tonga lafatra fa tsy amin'izay tena marina. Inona no anton'izany ?

Voalohany indrindra, samy maniry ny hanatratra sy hanandrana ny tonga lafatra avokoa ny rehetra. Faharoa, toa misy fiantraikany lehibe kokoa ny fampitana ny tonga lafatra.¹ Mandresy lahatra kokoa ny tantara izay misy fahombiazana, mihoatra noho ny tantara ahitana tsy fahombiazana sy fahalemena, sa tsy izany ? Fahatelo, tafiditra ao anatin'ny fizarana finoana ny fampianarana ireo lalàn'Andriamanitra, ireo fahamarinana iraisana, ary ireo foto-kevitra izay tsy miankina amin'ny kolontsaina, ny vanin-potoana ary ny olombelona hafa. ² Fahefatra, moa ve izany tsy mahakasika an'Andriamanitra tanteraka fa tsy isika velively, mahakasika ny hatsaram-panahy sy ny famindram-pon'Andriamanitra, ary mahakasika ny drafitra Nataony

mba ho fanavotana ny zanak'olombelona ? Ary farany, tsy tiantsika ho very ny fahatokian'ny olona an'Andriamanitra ary tsy tiantsika hiala amin'ny finoana izy ireo vokatry ny tsy fahatanterahantsika. Antony tsara sady mora takatry ny saina avokoa ireo handraisana fanapahan-kevitra ny hampita finoana sy fiainana izay tonga lafatra.

Miaraka amin'izany koa, manahy na matahotra isika sao mety hanalavitra an'Andriamanitra ny olona rehefa mahita ny fahapotehantsika, ary izany dia mety hitarika antsika hanafina ireo lafiny tsy mahafinaritra sy ratsy amin'ny tenantsika ka mahatonga antsika mody hiseho ho tsara kokoa noho izay tena marina. Mety ho lasa manahy betsaka kokoa ny amin'ny fomba fahitan'ny olona antsika isika, mihoatra noho ny fanehoana ny tena maha-isika antsika. Amin'izay fotoana izay, ny fizarana finoana dia lasa mifantoka betsaka kokoa amin'ny fisehoana ivelany fa tsy ny toetra anaty, ary mifantoka betsaka kokoa amin'ny fomba fijerin'ny hafa fa tsy amin'ny fizarana amim-pahatsorana sy tena fifaneraserana marina. Rehefa manao asa fitoriana amin'ny alalan'ny haino aman-jery isika, dia vao maika lasa mora kokoa ho antsika, mihoatra noho ny rehefa mihaona mivantana, ny manova ny finoana ho lasa fanehoana faniriana tonga lafatra, satria misy mpanelanelana (Fahitalavitra, fampielezam-peo, tambajotra sosialy, sns.) mijoro eo anelanelan'ny olona. Amin'izay dia afaka asiantsika elanelana eo amin'ny fanandramana ara-panahy izay tsara doka sy tsara fiseho ary ny tena fanandraman'ny finoana marina izay hita miharihary sy mazava.

Ny Fahombiazana

Ny fahatahorantsika ny fandavana no toa ivon'izany rehetra izany—na amin'ny tena manokana izany na iraisan'ny fiarahamonin'ny finoana. Vokatry'izany, ny fifantohana amin'ny fahatanterahan'Andriamanitra, amin'ny lalàn'Andriamanitra sy ireo fahamarinana iraisana, ary amin'ireo foto-pinoana sy foto-kevitra dia mety ho lasa sakana mahavariana na fialan-tsiny mihintsy aza tsy hiatrehana, tsy hanekena, ary tsy hizarana ny tsy fahatanterahantsika manokana. Saingy izao, ny tanjon'ny fizarana ny finoana dia tsy ny handresy lahatra ny hafa fa tsara sy mendrika ilay mpitondra azy, fa ny handresy lahatra azy fa tsara sy malemy fanahy ary hamindra fo Andriamanitra. Ao Aminy no hahitan'ny olona fandraisana sy famelan-keloka ary fiainana.

Raha teny an-dàlana nankany atsinanana i Jakoba, dia naneho ny Tenany ho Mpamonjy azy Andriamanitra sady nitahy azy. Tsy noho ny maha-izy azy an'i Jakoba no nanaovan'Andriamanitra izany, fa Nataony izany na dia teo aza ny maha-izy azy an'i Jakoba. Naniry fatratra ilay fitahiana i Jakoba saingy tsy mendrika izany izy ; kanefa noraisina ihany ilay fitahiana noho ny maha-Izy-Azy an'Andriamanitra (Gen. 28 :10-12).

Tsy ireo matihanina amin'ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny haino aman-jery ihany no mila izany fiheverana izany. Ao anatin'izao “ tontolon'ny tambajotra sosialy ” izao, ao anivon'izao fitondrahan'ny teny, sary ary rakitsary tsy an-kiato izao, an-tapitrisany ireo olona manerana izao tontolo izao no tafaraikitra eo anelanelan'ny tenany izay tena izy ary ny tenany izay miseho amin'ny haino aman-jery. Miaina ao amin'ny “ tany masin'ny *selfie* ” izay voaorina tamim-pitandremana sy voalamina ary voaravaka tsara isika. Kanefa, ho an'ny ankamaroantsika dia mbola olona maneritery ny fisiansika ilay fanontaniana fototra manao hoe “ Iza moa aho ? ”—ary tokony hitadiavana vahaolana izany. Sarotra tokoa ny mamaly ny fanontaniana manao hoe : moa ve tsy tena izy sady tsy marina ary diso namboamboarina loatra ny tenantsika izay zaraintsika sy asehontsika an'izao tontolo izao any amin'ireo tambajotra sosialy isan-karazany ? Sa ve avelantsika hahita ny tenantsika amin'izay tena marina kokoa ny olona hafa ?

Rehefa afaka 20 taona, dia nanapa-kevitra ny hiverina any an-trano i Jakoba. Tao anatin'ny tahotra sy tebiteby lalina no niomanany hihaona amin'i Esao rahalahiny. Kanjo, nisy tolona tsy nampoizina niseho nandritra ny alina teo amin'i Jakoba sy lehilahy iray, izay tsy olombelona. Tao anatin'ny tolona dia nilaza i Jakoba hoe, “ Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho. ” Mbola tsy azony antoko ihany ve ny fandraisany ilay fitahiana na dia efa taona maro taty aoriana aza ?

Namaly ilay lehilahy hoe “ Iza moa no anaranao ? ” Mety gaga angamba i Jakoba, na taitra mafy mihintsy aza, rehefa nametraka ilay fanontaniana izay napetraky ny rainy taminy 20 taona lasa izay ilay lehilahy. “ Iza moa no anaranao ? ” Mbola hisandoka ho olon-kafa ihany ve i Jakoba mba hahazoany ilay fitahiana ? Sa hitsotra ny marina izy, na inona na inona vokatr'izany ?

Namaly izy hoe “ Jakoba. ” Nananany ihany tamin'ny farany ny herim-po hanehoana ny tenany—Jakoba, ilay mpihazona ny ombelahin-tongotra, ilay mpamitaka.

Ny finoana dia an'ny tena manokana, ifandraisana amin'ny hafa ary aseho eo amin'ny fiainantsika mandrakariva. Mandrakotra ny maha-olona antsika iray manontolo ny finoana. Ny fizarana ny finoana sy ny fiainana amin'ny fomba feno dia mitaky fizarana ny tsara sy ny ratsy, ny fahombiazana sy ny tsy fahombiazana, ny tolona sy fihaikàna atrehantsika, ary koa ny fitiavantsika sy ny fahapotehantsika. Tsy mahatahotra ny maha-marefo ny Baiboly. Ireo mpanoratra ny Baiboly dia nizara ny tantara “ iray manontolo” tamin'ny fomba malalaka sy mangarahara, fa tsy ireo ampahany azo ekena sy azo aseho fotsiny.

Tsy maintsy niatrika ny tenany i Jakoba nandritra io fihaonana tsy nampoizina niarahana tamin'Andriamanitra io. Nanapa-kevitra ny hanaiky ny maha-izy azy izy. Moe ve isika sahy handeha amin'izany lalana izany, ary haneho ny tenantsika izay tena izy mba ahitan'ny hafa antsika ? Namorona toerana azo antoka sy manavotra ho an'i Jakoba ny fitiavana sy ny hatsaram-panahy ary ny fahasoavan'Andriamanitra. Mahatoky Andriamanitra. Manome izany toerana izany ho antsika ihany koa izy.

Fanontaniana hisaintsainana :

1. Nahoana no sarotra ny maneho ny tenantsika izay tena izy sy marina ?
2. Inona no fifandraisana misy eo amin'ny fanjifàna haino aman-jery sy ny fampitana haino aman-jery ?
3. Ahoana no ahafahantsika manampy ny taranaka Advantista ho avy mba hampiasa ny haino aman-jery amin'ny fomba tsara sy mahasalama ny tena ?

Klaus Popa dia Filoha Tale Jeneralin'ny *Stimme der Hoffnung*, izay Ivon-toeran'ny Haino aman-jery Eoropeana an'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ary mipetraka any Alsbach-Hähnlein, Alemaina izy.

Fehezanteny manan-danja :

Miaina ao amin'ny “ tany masin'ny *selfie* ” izay voarina tamim-pitandremana sy voalamina ary voaravaka tsara isika.

(Tahirin-kevitra)

1 Manome porofo isan'andro ireo manam-pahaizana momba ny varotra sy ny dokam-barotra fa ny fitsikitsikiana tonga lafatra, ny vatana tonga lafatra, ny tora-pasika tonga lafatra, ny filentehan'ny masoandro tonga lafatra no ahalafosana ny zavatra rehetra amim-pahombiazana—*dentifrice*, zava-pisotro, fiara, ary maro hafa ihany koa.

2 Nanambara ny apôstôly Paoly hoe, “ Ka dia masina tokoa ny lalàna, ary masina ny didy sady marina no tsara ” (Romana 7 : 12).

Zoma

Ny Zavatra Rehetra Samy Nataony Ho Mendrika

Ny firaisana ara-nofy sy ny fomba fiainana Kristiana

Nosoratan'i Gina Wahlen

Tsy fantany tsara hoe ahoana no nitrangan'izany—kanefa dia nitranga ihany izany. I Monica ¹ dia notezaina tao amina-tokantrano Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ary nandeha ho azy sy mora taminy ny niaina fomba fiainana Kristiana.

Avy eo izy nihaona tamin'i Mark, izay mpiara-mianatra taminy tao amin'ny Oniversite Advantista iray. Nandany fotoana niaraka izy ireo, ary matetika dia izy roa irery no niaraka, ary rehefa nandeha ny toe-javatra maro samihafa dia niafara tamin'ny fanaovana firaisana ara-nofy izany.

Fantatr'i Monica tsara ny zavatra ampianarin'ny Baiboly mahakasika ny firaisana ara-nofy ivelan'ny fanambadiana. Niezaka matetika izy ny hampangina ny feon'ny fieritreretany tamin'ny alalan'ny fisaintsainana hoe : Fa nahoana no ratsy izany nefa mahafinaritra ny fahatsapana azy ?

Tsy irery anefa i Mark sy Monica amin'izany. Araka ny Ivontoerana Nasionaly momba ny Antontan'isa Ara-pahasalamana any Etazonia (*U.S.-based National Center for Health Statistics*), dia ny 88.8 isan-jaton'ny vehivavy 15 ka hatramin'ny 44 taona, ary ny 89,9 isan-jaton'ny lehilahy 20 ka hatramin'ny 44 taona any Etazonia, no nanambara fa efa nanao firaisana ara-nofy alohan'ny fanambadiana, ² ary ny taona antenantenany (*âge moyen*) amin'ny fanaovana ny firaisana ara-nofy voalohany indrindra dia 17,3 taona ho an'ny vehivavy ary 17,0 taona ho an'ny lehilahy. ³

Mazava ho azy, ny firaisana ara-nofa alohan'ny fanambadiana dia iray fotsiny ihany amin'ireo fahotana maro mahakasika ny firaisana ara-nofa izay voarara ao amin'ny Soratra Masina. Na izany aza, maro ireo manontany tena hoe nahoana ny zavatra iray no lazaina fa ratsy nefa mahafinaritra ny fahatsapana azy. Inona no fifandraisana misy eo amin'ny firaisana ara-nofa sy ny fomba fiainana Kristiana ?

Toro-làlana Ara-Baiboly

Ny Baiboly dia feno andalana izay miresaka momba ny firaisana ara-nofa, ary izy no manome tari-dàlana mba hanana andraikitra sy fifandraisana salama tsara. Ireo boky dimy voalohany ao amin'ny baiboly dia “ mifehy ny fanaovana firaisana ara-nofa ary mametraka ny andraikitra amin'ny firaisana ara-nofa. Ireo asa soratra ara-paminaniana ao aminy dia mampiasa fanoharana momba ny firaisana ara-nofa rehefa manao ny fanambarana ny fitsaran'Andriamanitra ireo izay mivadika amin'ny fanekem-pihavanana izany nataony. Ny asa soratra momba ny fahendrena dia manavaka tsara ny fitondran-tena hendry sy ny fitondran-tena adala ary mampiasa sary an'ohatra momba ny firaisana ara-nofa mba hamaritana ny atao hoe fahendrena. Ireo Filazantsara dia mampiasa ny fahatsiarovana ireo teny sy asa nataon'i Jesosy mba hamolavolana ny fitondran-tena sy ny toetra amin'ny ara-nofa izay tokony ananan'ireo mpanara-dia Azy. Ireo Epistily dia mamaly ireo fanontaniana mivaingana mahakasika ny fitondran-tena ara-nofa. Ny Apokalypsy dia ahitana sary an'ohatra sy toromarika momba ny firaisana ara-nofa.”⁴

Manana izany tahirin-kevitra lehibe izany eo am-pelatanantsika isika, ka tokony hianatra tsara ireo toromarika omeny, sy hihaino ireo fampitandremany, ary hitaky ireo fitahiana avy amin'Andriamanitra izay hita ao aminy.

Tamin'ny voalohany Andriamanitra dia namorona ny olombelona mba hanana fananahana roa samihafa izay miavaka tsara : “ Lahy sy vavy no namoronany azy ” (Gen. 1 : 27). Avy tamin'ny vovo-tany no namoronana an'i Adama ary avy tamin'ny taolan-tehezan'i Adama no namoronana an'i Eva, izany dia manambara ny fifandraisana akaiky izay tokony hisy teo amin'izy roa. Ary hoy Adama hoe “ Ankehitriny dia taolana avy amin'ny taolako sy nofo avy amin'ny nofoko ity ; ity dia hatao hoe vehivavy satria lehilahy no nanalana azy. ” “ Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny ; dia ho nofo

iray ihany ireo. Ary nitanjaka izy mivady, dia ralehilahy sy ny vadiny, nefa tsy nahalala henatra izy ” (Gen. 2 : 23-25).

Ny atao hoe “ nofo iray ” dia mahafaoka ny fikambanan’ny fo sy saina ary fanahy avy ao amin’ny olona roa miavaka tsara. Izany dia ahitana ny firaisana ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po ary ara-panahy izay mifanaraka amin’ny toetra maha-olombelona antsika olombelona.

Nanamafy i Jesosy fa ny fanambadiana dia natao mba ho firaisana tsy azo sarahina eo amin’ny lehilahy iray sy vehivavy iray (Matio 19 : 4-6). Natao hitondra fifaliana sy fahafinaretana ary fahatsapana fahafenoana ara-batana io firaisana io. Ary na dia miresaka momba ireo fifalian’ny firaisana eo amin’ny mpivady aza ny Baiboly, dia milaza amin’ny antsipiriany ihany koa izy ny mahakasika ireo “ fanehoana diso momba ny firaisana ara-nofo sy ny voka-dratsiny eo amin’ny olona sy ny fiaraha-monina. Mampitandrina ny olombelona izy ny amin’ireo fitondran-tena ara-nofo izay manimba toy ny fijangajangana, ny fanitsakitsaham-bady, ny firaisan’ny samy lahy na samy vavy, ny firaisan’ny mpihavana ary ny fananana vady maro. ”⁵ Omena fampitandremana isika mba tsy hiditra amin’izany mihintsy satria mamadika ny tanjona mahafinaritra izay napetrak’Andriamanitra ho an’ny firaisana ara-nofo eo amin’ny olombelona ireny fitondran-tena ireny (1 Tesaloniana 4 : 3-5 ; Romana 1 : 26, 27 ; 1 Korintiana 6 : 9-11).

Maha-izy Azy Nomen’Andriamanitra

Ampahany tsy azo esorina amin’ny maha-isika antsika ny firaisana ara-nofo. Zava-dehibe tokoa izany “ ho an’ny maha-izy azy ny tena ary koa ho an’ny fiainana ara-piarahamonina tamin’ny andron’ny Baiboly, ary koa amin’izao ankehitriny izao. ”⁶ Ny fahatsapana ny maha-isika antsika dia manana lanja fototra amin’ny fomba ahafahantsika mifandray amin’ny hafa sy ny tontolo manodidina antsika. Ny Soratra Masina dia manambara mazava tsara hoe iza moa isika ary ahona no fomba tokony iainantsika. Tao amin’ny Saha Edena dia nomen’Andriamanitra mariky ny maha-izy azy anakiroa ireo Zanany : (1) ny Sabata, izay mampatsiahy antsika fa Izy no Mpamorona sy Tompontsika ; (2) ny toe-batana, maha-lehilahy sa maha-vehivavy antsika, izay noforonina araka ny endrik’Andriamanitra. Ireo mariky ny maha-izy azy roa ireo dia fototra iorenan’ny maha-izy azy ny olombelona mandrakariva.

Ao amin'ny lahatsoratra “ Sexuality as Something Sacred ” (Ny firaisana ara-nofa amin'ny maha-zava-masina azy) izay nosoratany dia manondro i David Thomas hoe, “ Satria tafiditra ao anatin'ny faritra izay ametrahantsika ireo zavatra masina ny firaisana ara-nofa, dia hahatsapa ho nambaniana sy nohitsakitsahina ny olona iray raha tsy hajaina araka ny tokony ho izy na koa raisina ho zavatra tsy manan-danja izany. Ny fanaovana firaisana ara-nofa tsy araka ny tokony izy na ny fanerena ny fanaovana azy avy amin'ny olon-kafa dia manafintohina sy manimba, satria ny fitoerana masina anaty amin'ny fiainana mihintsy no voahitsakitsaka. ”⁷

Fiantraikany Maharitra

Izany no nitranga tamin'i Mark sy i Monica. Nandritra ny fiarahan'izy ireo dia nahatsapa firehetam-po sy fahafinaretana lehibe izy roa nandritra ny firaisana voarara izay nataony. Saingy nahatsapa fahatsiarovan-tena ho meloka, alahelo, tahotra ary nenina izy ireo taty aoriana ary nisaraka sy samy nandeha tamin'ny lalan-kalehany ; sady nitondra takaitra izay nisy fiantraikany teo amin'ny toetrany anaty, ary nanimba ny fahitany ny tenany sy ny fifandraisany tamin'ny hafa. Tamin'ny alalan'ny fibebahana sy ny fiverenana amin'Andriamanitra irery ihany no nahazoany fanasitranana.

Ohatra iray ao amin'ny Baiboly momba ny fijangajangana ny tantaran'i David sy Bathsheba, izay voarakitra ao amin'ny 2 Samoela 11. Notahian'Andriamanitra betsaka tokoa i Davida, ary niha-natanjaka hatrany ny fanjakany. Kanefa tamin'ny alalan'ny fahotan'ny fananana filandratsy sy ny fijangajangana, narahin'ny famonoan'olona, dia nitotonganana tao anatin'ny hantsana lalin'ny alahelo i Davida, ary tsy nety sitrana tanteraka tamin'izany mihintsy izy, na dia nibebaka lalina sy nandray ny famelan-keloka avy tamin'Andriamanitra aza (Salamo 51 ; 32). Nifanohitra tamin'ny fanandraman'i Davida ny an'i Josefa, satria rehefa niatrika fakampahy izay sarotra resena izy dia nihiaka mafy hoe, “ Hataoko ahoana no hanao izany, ratsy lehibe izany ka hanota amin'Andriamanitra ? ” (Genesisy 39 : 9). Ny fahadiovan'ny toetra sy ny sain'i Josefa ary ny fahatokiany an'Andriamanitra dia nanampy sy nampahery azy hamakivaky ireo andro maizina ary ho tonga amin'ny fahazavan'ny fahafahana sy ny voninahitra ary fampihavanana.

Manaraka ny Drafitr'Andriamanitra

Tsy fikasàn'Andriamanitra mihintsy ny hiainantsika ireo voka-dratsy maro ateraky ny firaisana ara-nofo tsy ara-dalàna sy voarara. Mampitandrina Izy fa na ny fisainana tsy madio aza dia mety hanimba (Matio 5 : 28), ary koa ireo zavatra mamofady amin'ny endriny rehetra (jereo ny Salamo 101 : 3).

“Mandosira ny fijangajangana,” izany no lazaina amintsika. “ Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany ; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany ” (1 Korintiana 6 : 18).

Izany no antony nahatonga an'Andriamanitra hamaritra ny fomba tsara indrindra ahazoantsika miaina, vokatry ny Fitiavany sy ny Fiahiany, ary izany no nahatonga Azy hanome antsika toro-làlana mazava tsara ny amin'ny fikarakarana ity faritra manokana sy miafina indrindra amin'ny fiainantsika ity. Rehefa manaraka ny drafitra Napetrany isika dia afaka mandray ireo fahafinaretana rehetra izay Tiany omena antsika. Ho an'ireo izay efa manambady dia tafiditra ao anatin'izany ny fahafinaretan'ny firaisana ara-nofo. Kanefa na manambady isika na tsia, dia azontsika ny fahafaham-po sy filaminan-tsaina amin'ny fahafantarana fa nohariana araka ny Endriny isika, sady manana drafitra mahafinaritra sy mahatanteraka ho an'ny fiainantsika Izy, ary Homeny fahafaham-po ihany koa ireo faniriansika lalina indrindra.

Gina Wahlen dia mpiandraikitra sy mpandrindra tetik'asa ao amin'ny Departemantan'ny fitantanana eo anivon'ny Foibe Manerantanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any Silver Spring, Maryland, Etazonia.

Fanontaniana hisaintsainana :

1. Inona no ifandraisan'ny maha-izy azy manokana sy ny firaisana ara-nofo ?
2. Inona ireo tanjon'Andriamanitra ho an'ny firaisana ara-nofo eo amin'ny olombelona ?

Fehezan-teny Manan-danja :

Ampahany tsy azo esorina amin'ny maha-isika antsika ny firaisana ara-nofy.

(Tahirin-kevitra)

1 Novaina ireo anarana.

2 Fanadihadiana Nasionaly momba ny Fitomboan'ny Fianakaviana, Ivontoerana Nasionaly momba ny Antontan'isa Ara-pahasalamana (*National Center for Health Statistics*), (dikan-teny malalaka),

www.cdc.gov/nchs/nsfg/key_statistics/p.htm.

3 Ibid., (dikan-teny malalaka) ;

www.cdc.gov/nchs/nsfg/key_statistics/s.htm#sexualactivity.

4 Barry L. Bandstra sy Allen D. Verhey, “Sex, Sexuality” (Ny firaisana ara-nofy), *International Standard Bible Encyclopedia* (Rakipahalalana momba ny Baiboly iraisam-pirenena), ed. Geoffrey W. Bromiley, rev. ed. (Grand Rapids: Eerdmans, 1988), boky 4, t. 429 (dikan-teny malalaka).

5 “Guidelines for the Seventh-day Adventist Church in Responding to Changing Cultural Attitudes Regarding Homosexual and Other Alternative Sexual Practices,” (Tari-dàlana ho an'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ho fiatrehana ireo fiovan'ny toetsaina ara-kolontsaina momba ny firaisan'ny samy lahy sy samy vavy ary ireo karazana Fomba fanaovana firaisana ara-nofy hafa) nofidiana tamin'ny 17 Aprily 2014, (dikan-teny malalaka), <https://tinyurl.com/https-wwwadventist-org-arti>

6 Bandstra sy Verhey, (dikan-teny malalaka).

7 David E. Thomas, “Sexuality as Something Sacred,” (Ny firaisana ara-nofy amin'ny maha-zava-masina azy), *Adventist Review*, 20 Jona 2013, t. 26, (dikan-teny malalaka).

Sabata Faharoa

Miaina amin'ny Andro Farany

Ny Fomba fiainana Kristiana sy ireo Zava-miseho amin'ny Andro Farany

Nosoratan'i Ellen G. White

“ Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra, mampianatra antsika handà izay toe-panahy tsy araka an'Andriamanitra sy ny filan'izao tontolo izao ary ho velona amin'ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'izao fiainana ankehitriny izao, miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy, Izay nanolotra ny tenany hamonjy antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin'ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an'ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin'ny asa tsara izany ” (Titosy 2 : 11-14, MG1865).

Ity andalana ity dia mampianatra lesona hafa mihintsy izay tsy mitovy amin'ny teny ambaran'ny maro izay milaza fa mino ny filazantsara. Entanina isika mba ho velona amin'ny onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an'Andriamanitra eto amin'ity izao tontolo izao ity, ary koa hiandrindra ny fisehoana be voninahitr'ilay Andriamanitra lehibe sy Jesosy Kristy Mpamonjy antsika.

Nisy ny sasany izay nanohitra ny asako, satria mampianatra aho fa adidintsika ny miandrindra ny fisehoan'ny tenan'i Kristy manokana eny amin'ny rahon'ny lanitra. Nilaza izy ireo hoe “ Rehefa mihaino an'i Ramatoa White miresaka mahakasika ny fiverenan'i Kristy ny olona dia mahatonga fiheverana izany fa efa tonga amintsika ny andron'ny Tompo ; ary nitory an'io lohahevitra io hatrany izy nandritra ny efaolo taona lasa izay, kanefa mbola tsy tonga ihany ny Tompo. ”

Manohitra mivantana ny teny izay nambaran'i Kristy mihintsy izany fanoherana izany. Nilaza tamin'ny alalan'ny vavan'ilay mpianatra malalany Izy hoe, “ Indro avy faingana Aho,” ary namaly i Jaona nanao hoe, “ Avia, Jesosy Tompo. ” Nilaza ireo teny ireo i Jesosy mba ho teny fampitandremana sy fampaherezana ny Vahoakany ; koa nahoana isika no tsy hihaino azy ireny ? Efa nilaza ny Tompo fa izay mahatoky no ho hita miambina sy miandry Azy. ...

Tsy ambara mazava ny fotoana marina amin'ny fiavian'i Kristy fanindroany. Hoy Jesosy, “ Fa ny amin'izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala. ” Saingy nanome famantarana ny amin'ny Fiaviany ihany koa Izy, ary nilaza hoe, “ Raha vao hitanareo izany rehetra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky mby eo am-baravarana Izy.” Nilaza tamin'izy ireo Izy fa hiseho ireo famantarana ny Fiaviany, ka noho izany, “ Miandrandra, ka asandrato ny lohanareo ; fa manakaiky ny fanavotana anareo.”

Ary nanoratra ny apôstôly mahakasika izany zavatra izany, nanao hoe : “ Fa ianareo, ry rahalahy, tsy ao amin'ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny mpangalatra izany andro izany. Fa ianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro.” Koa satria tsy fantatsika ny fotoanan'ny fiavian'i Kristy, dia tsy maintsy miaina am-pahamendrehana sy amin'ny toepanahy araka an'Andriamanitra isika eto amin'ity izao tontolo izao ity, “ miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy. ”

Nanolotra ny Tenany hamonjy antsika i Kristymba hanavotany antsika ho afaka amin'ny ota rehetra sy hanadiovany izay olona ho an'ny Tenany, sady ho mazoto indrindra amin'ny asa tsara izany. Tokony hitahiry ny toetra mampiavaka izay ananany amin'ny maha-solontenany azy ireo ny Olony.

Misy asa izay tokony hataon'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ny manan-karena dia tokony hitondra ny fananany, ny manam-boninahitra ny fahefany, ny manam-pahaizana ny fahendreny, ny mahantra ny hatsaran-toetrany, raha toa ka vonona ny ho mpiasa mahomby miaraka amin'Andriamanitra izy ireo. Tokony hiditra amin'ny fifandraisana tsara miaraka amin'Andriamanitra izy ireo, mba hahafahany mitaratra ny fahazavan'ny voninahitr'Andriamanitra izay mampiratra eo amin'ny tavan'i Jesosy Kristy.

Namaky momba ny vondron'olona iray izay manao ny andron'ny iverenan'i Jesosy ho mbola lavitra izahay ; kanefa ho tahaka ny fiavin'ny mpangalatra amin'ny alina ny Fiaviany, ka ho avy tampoka amin'izy ireo ny fandravana. Firy moa ny olona izay rendremana sy resi-tory ao anatin'ny fefin'ny fiarovana ara-nofo ; kanefa fotoana tokony hifohazantsika izao. Hoy ny apôstôly, “ Tsy an'ny alina na an'ny maizina isika. Koa dia aza mba matory toy ny sasany isika, fa aoka hiambina ka hahonon-tena. ”

Tokony hifoha isika mba hamantatra ireo famantarana ny fotoana ary hanome fampitandremana ho an'ny olona. Maro eto amin'izao tontolo izao no mitady hampangina ny fanairana ny vahoaka, ary manao hoe, “ Fiadanana, fiadanana ; Kanjo tsy misy fiadanana tsinona ” ; kanefa tokony hanao ny mifanohitra amin'izany isika. Maro no milaza amin'ireo olona izay efa taitra hoe, “ Aza misahirana ianareo, tohizo ny asa ratsy, tohizo ny fanomezam-boninahitra ny tenanareo, tohizo ny fiainana ao anatin'ny fahafinaretana. Mbola tsy antomotra ny andron'ny Tompo. ”

Moa tsy nanana tanjona kendrena ve i Kristy rehefa niteny Izy hoe, “ Indro avy faingana Aho ” ? Moa ve tsy efa Hitany fa ny fiangonany dia mila mitadidy an'io andro lehibe io ao an-tsaina ? Moa ve isika hiara-miteny amin'ireo izay mpaniratsira ny andro farany manao hoe, “ Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fihaviany ? Fa hatrizay nodian'ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra ; eny, hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao aza ” ? Tsy te hiaraka amin'izany vondron'olona izany velively aho. Tiako ny hanainga ny olona amin'ny alalan'ny hafatry ny fiverenan'i Kristy tsy ho ela.

Andraikitra Lehibe

Ireo izay manana fahalalana mahakasika ny fahamarinana amin'izao fotoana izao dia manana andraikitra lehibe eo anatrehan'izao tontolo izao. Mila mampitandrina ny olona ny amin'ny fitsarana ho avy izy ireo. Izy ireo no tokony hisolo toerana an'i Kristy eo anoloan'ny olona. Tsy tokony handeha hitaraina ny amin'ny toe-javatra iainany, na hiresaka momba ny haizina misy azy, ary himonomonona sy hitaraina ny amin'ny hasarotan'ny lâlana izy ireo ; tokony hanandratra ny sainy ho any amin'Andriamanitra izy ireo, sy hanokatra ny varavaran'ny fony ho an'i Jesosy, ary hamela Azy hiditra sy hitoetra ao anatin'izy ireo.

Tsy maintsy apetratsika eo amin'ny seza fiandrianan'ny fo i Kristy, mba ho voadio amin'ny fahalotoana rehetra ny tempolin'ny fanahy. Tsy maintsy atao ho zava-misy velona ho antsika ny fiavian'ny Mpamonjy tsy ho ela. Ny fanontaniana manan-danja indrindra amin'izao fotoana izao dia hoe, “ Manao ahoana ny amin'ny fanahiko ? Moa ve aho miezaka ny hamerimberina ireo tenin'i Kristy ? Moa ve aho mampianatra ny zanako fa manana fanahy tokony hovanjena izy ireo ; ary tsy maintsy tafiditra ho ao anatin'ny fiainan'izy ireo ny fiadanana sy ny fahamasinana ? Moa ve aho mampianatra azy ireo hametraka ny tãnany eo amin'ny tãnan'i Kristy, mba Hahafahany mitarika azy ireo ? ”

Manana asa lehibe indrindra tokony hatao isika, ary tsy manam-potoana holaniana foana amin'ny fisotroana avy amin'ny siny izay tsy afaka mitahiry rano akory. Tokony hanatona an'i Kristy tsy misy hatak'andro isika mba hahazoana ny ranon'ny fiainana. Tokony hazoto amin'ny fianarana ny Baiboly isika. Ny fianarana ny Baiboly no zavatra manan-danja lehibe indrindra amintsika. Ny Soratra Masina dia afaka mampahahendry ny olona ho amin'ny famonjena, kanefa vitsy no mahita fotoana hikarohana ny Tenin'Andriamanitra !

Samy variana amin'ny zavatr'ity tany efa ho faty ity avokoa na ny lehilahy na ny vehivavy. Manorina ny fanantenany eo amin'ny fototra tsy misy dikany izy ireo, ary manoratra ny anarany eo amin'ny fasika. Eny fa na ireo izay milaza ho mpanara-dia an'i Kristy aza dia tsy mihaino ny Baikony. ...

Omen'Andriamanitra antsika ny harem-pitahiana avy Aminy mba ho ankafizintsika, ary ny Andrasany amintsika kosa dia ny hamoa vokatra ho Voninahiny ; saingy maro no manao tsirambina ny Asany. Tsy milefitra tanteraka amin'ny Sitrapony izy ireo. Betsaka no toa mahatsapa fa ny fieritreretana an 'Andriamanitra sy ny zavatra any an-danitra dia mahatonga ny olona hilonjilonjy sy ho mora kivy ; ary manimba ny fahasalamana ny famelana ny saina hitoetra amin'ny zavatra ara-pivavahana.

Tamin'ny fahatanorako, rehefa nanokatra ny saiko ho amin'ny Soratra Masina Andriamanitra, ka nanome ahy ny fahazavana mahakasika ireo fahamarinana ao amin'ny Teniny, dia nandeha aho mba hitory amin'ny hafa ny vaovao sarobidin'ny famonjena. Nanoratra tamiko ny anadahiko ary nilaza hoe, “ Miangavy anao aho mba tsy hanala baraka ny fianakaviana. Ho ataoko avokoa izay rehetra tianao raha toa ka manaiky ny tsy handeha ho mpitory ianao.”

Namaly aho hoe“ Hanala baraka ny fianakaviana ! Mety hanala baraka ny fianakaviana ve ny fitoriako an’i Kristy sy ny nanomboana azy tamin’ny hazo fijaliana ! Na omenao volamena izay mahafeno ny tranonao aza aho, dia tsy hitsahatra ny hijoro vavolombelona ho an’Andriamanitra aho. Mino sy manantena ny valisoa izay ho azoko aho. Tsy hangina velively aho, fa rehefa omen’Andriamanitra ahy ny Fahazavany, ny Tiany hambara dia tokony hizara izany amin’ny hafa, araka izay tratry ny fahafahako aho. ”

Moa ve tsy nanatona ny mpianatra ireo mpisorona sy ireo mpanapaka, ary nandidy azy ireo hitsahatra tsy hitory amin’ny anaran’i Kristy ? Nohidiany tany am-ponja ireo lehilahy mahatoky ireo, kanefa tonga tamin’izy ireo ny anjelin’i Jehovah ary nanafaka azy ireo mba hahafahany mitory ny teny fiainana amin’ny olona. Izany no asa nankinina amintsika. ...

Ny Fahamarinana Araka Izay Ahitana Azy ao Amin’i Jesosy

Tokony hampiseho ny fahamarinana araka izay ahitana azy ao amin’i Jesosy isika. Tonga teto amin’izao tontolo izao Kristy mba hamonjy ny mpanota. Nandritran’ny telopolo taona dia niaina ny ohatra tokony arahintsika Izy. Niaritra faniratsirana, henatra, latsa, fandavana ary fahafatesana Izy ; kanefa dia velona Izy. Izy no Mpamonjy velona. Niakatra any an-danitra Izy mba hanao fanelanelanana ho antsika.

Talohan’ny nanomboana Azy tamin’ny hazo fijaliana, dia nivavaka Izy mba ho iray ihany ao Aminy ireo Mpianany, tahaka ny maha-iray Azy ao amin’ny Ray. Azo atao tokoa ve ny mitarika ny olona izay lavo sy feno fahotana mba ho amin’ny fifandraisana ambony miaraka amin’i Kristy ? Izany firaisana amin’i Kristy izany dia hitondra fahazavana sy fiadanana ary fiononana ho an’ny fanahintsika. Rehefa niakatra nankany an-danitra Izy, dia niteny tamin’ireo Mpianany hoe, “ mahatsara anareo ny fialàko ; fa raha tsy hiala Aho, dia tsy ho avy aminareo ny Mpananatra ; fa raha handeha Aho, dia hirahiko hoy aminareo Izy. ” Iza moa no tsy mba maniry ny mpananatra rehefa amin’ny fotoan’ny fitsapana ? ...

Lazao ny momba ny fitiavan’i Kristy, resaho ny momba ny Heriny, dia hanana lanitra eto amin’ity izao tontolo izao ity ianao, izay hanomana anao amin’ny fiakarana ho any an-danitra. Valio ny fahazavan’Andriamanitra, dia ho tahaka ny saha izay voatondraka tsara ianao ; ho

tonga faingana ny fahasitrananao ; hiposaka avy amin'ny haizina tahaka ny fahazavan'ny maraina ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah no ho vodi-lalanao.

Fanontaniana hisaintsainana

1. Inona no dikan'izany hoe velona amin'ny “ onony sy ny marina ary ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ” ? Araka izany toe-javatra izany, moa ve mahatonga antsika hisokatra kokoa amin'ny hafa sa mahatonga antsika hikombona kokoa amin'ny tenantsika ny fanakaikezan'ny fiverenan'i Kristy ?

2. Raha eo am-piandrandrana ny fiverenan'i Kristy isika, inona avy ireo andininy ao amin'ny Baiboly izay ilaintsika indrindra amin'ny fianarana mitaratra ny toetran'i Kristy amin'ny olona manodidina antsika ?

3. Amin'ny ambaratonga 1 ka hatramin'ny 10 (ny 10 no ambony indrindra), hatraiza ny fahatokiana fa ho voavonjy ianao raha miverina androany i Kristy ? Izay tena marina no lazao.

Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mino fa i Ellen G. White (1827-1915) dia nampiasa ny fanomezam-pahasoavan'ny faminiana ao amin'ny Baiboly nandritran'ny 70 taona mahery teo am-panaovana ny asa fanompoany ho an'ny besinimaro. Ity ampahan-dahatsoratra ity dia nalaina avy tao amin'ny taratasy iray nosoratan'i Ellen White izay navoaka tao amin'ny gazety *Signs of the Times* tamin'ny 24 Jona 1889 (dikan-teny malalaka).

FEHEZANTENY MANAN-DANJA : Lazao ny momba ny fitiavan'i Kristy, resaho ny momba ny Heriny, dia hanana lanitra eto amin'ity izao tontolo izao ity ianao, izay hanomana anao amin'ny fiakarana ho any an-danitra.
--